NY TAOM-PIANGONANA FILADEFIA
Apokalipsy 3:7-13

Ary ho amin'ny anjelin'ny fiangonana any Filadelfia soraty; Izao no lazain'Ilay masina, Izay marina, Izay manana ny fanalahidin'i Davida, Izay mamoha ka tsy hisy hanidy, ary manidy ka tsy misy mamoha; Fantatro ny asanao: Indro, efa nataoko teo anoloanao varavarana mivoha, ka tsy misy maharindrina azy; Fa efa kely hery ianao, ary efa nitandrina ny Teniko ary tsy mba nandà ny Anarako.

Indro, Izaho no hahatonga azy ireo izay ao amin'ny synagogan'i Satana, ireo milaza ny tenany ho Jiosy, kanjo tsy izy, fa mpandainga; indro, hataoko tonga hiankohoka eo anoloan'ny tongotrao ireo, ka ho fantany fa Izaho efa tia anao.

Satria efa nitandrina ny Teniko ny amin'ny faharetana ianao, Izaho kosa hiaro anao amin'ny andron'ny fakam-panahy, izay ho tonga amin'izao tontolo izao ho fizahan-toetra izay monina ambonin'ny tany.

Indro, avy faingana Aho; tano mafy izay anananao, mba tsy hisy haka ny satro-boninahitrao. Izay maharesy no hataoko andry eo amin'ny tempolin'ny Andriamanitro, ary tsy hiala eo intsony izy; ary hosoratako eo aminy ny anaran'ny Andriamanitro, ary ny anaran'ny tanànan'Andriamanitro, izay i Jerosalema Vaovao, midina avy any an-danitra avy amin'Andriamanitro; ary hosoratako eo aminy ny Anarako vaovao.

Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana.

FILADEFIA

Filadefia dia dimy amby fito-polo kilaometatra atsimo atsinanan'i Sardisy. Izany no tanàna lehibe indrindra faharoa ao amin'ny Lydia. Ary naorina teo ambonin'ny havoana maro ao amin'ny distrika malaza fanaovana divay. Ny vola madinika dia nisy ny sarin'ny lohan'i Bacchus, ary ny sarin'i Baccante (mpisorona vavin'i Bacchus). Ny mponina ao an-tanàna dia nisy Jiosy, Kristianina Jiosy, izay niova fo niala tamin'ny fanompoan-tsampy. Ny tanàna nijaly matetika tamin'ny horohoron-tany, kanefa ny faharetany dia ny fotoana lava indrindra amin'ireo tanàna fito ao amin'ny Apokalypsy. Raha ny marina dia mbola misy ny tanàna teo ambanin'ny anarana fanamboarana vola madinika Tiorika toa manondro ny maha-

andriamanitry ny tanàna an’i Bacchus. Ary Bacchus dia mitovy amin'ny Ninosy na Nimroda. Izy no ilay: ‘iray nitaraina’, na dia maro amintsika aza no mihevitra azy eo amin'ny lafiny korana fanaranam-po sy ny fimamoana.

Inona no fahazavàna entin’izany ao an-tsaintsika. Ity dia vola madinika misy andriamanitra eo amin'ny lafiny iray ary ny mpisorona vavy na mpaminanivavy eo amin'ny hafa. Ary raha atsipy ny vola madinika. Mety misy dikany ve izay lafiny mipoitra eo? Tsy misy tompoko, mbola ilay vola madinika iray ihany izany. Izany no fivavahan 'i Roma momban’i Jesosy sy Maria.

Fa tsy Roma ihany no eritreretintsika. Tsia, tsy ilay mpivaro-tena lehibe ihany. Azo antoka fa tsia; fa tamin’ny fijangajangany dia lasa reny izy. Ny zanany vavy izao dia vola madinika avy amin'ny fanamboaram-bola iray ihany. Teo amin'ny lafiny iray amin'ny vola madinika izy ireo nisarika fanompoam-pivavahana tamin'i Jesosy, ary teo anilany anankiray manana ny mpisorona vavy na mpaminanivavy izay nanoratra ny fanekem-pinoana sy ny foto-pinoana, ary mivarotra izany amin’ireo ny olona ho famonjena, ary manizingizina fa izy ary izy irery ihany no manana ny mazava marina.

Ny mahavariana dia ny hoe io vanim-potoana io miavaka amin'ny ny vola madinika. Fa ny reny sy ny zanakavavy rehetra mividy ny lalana ho any an-danitra. Ny vola fa tsy ny rà no fividianana izany. Ny vola fa tsy fanahy no hery manosika azy ireo ho avy. Ny andriamanitr'izao tontolo izao (mamôna) Efa nanajamba ny masony.

Fa ny nataony tao amin'ny fahafatesana hifarana tsy ho ela, fa izany no vanim-potoana hitomanian’ny Fanahy: “Indro avy faingana Aho”. Na izany aza, tongava faingana, Jesosy Tompo ô!

NY VANIMPOTOANA

Ny Taom-piangonana Philadelphia dia naharitra hatramin'ny 1750 sy tokony tamin’ny 1906. Ity taona ity, noho ny hevitry ny anaran 'ny tanàna, dia atao hoe vanim-potoanan' ny fitiavan-drahalahy, araka ny Filadefia dia midika hoe, “Fitiavana ny rahalahy”.

NY IRAKA

Ny iraka tamin’io vanim-potoana io dia tsy isalasalana fa i John Wesley. John Wesley dia teraka tao Epworth, 17 Jona, 1703, ary iray amin’ireo zaza sivy ambin'ny folo naterak'i Samuel sy Sosana Wesley. Ny rainy dia mpitondra fivavahana tao amin'ny Eglizy Anglikanina, fa azo inona fa ny nahatonga an’i John ho voasarika hivavaka dia mifototra bebe kokoa tamin'ny ohatra teo amin’ny fiainan’ny reniny fa tsy teo amin'ny teolojian’ny rainy. John dia marani-tsaina sy manam-pahaizana. Tamin'ny fony izy mbola tao Oxford dia izy sy Charles no lasa anisan'ny vondrona ara-panahy izay nivavaka nifototra tamin’ny

fiainana amin’ny fahamarinana fa tsy manao fotopampianarana ho fenitra. Lasa mpitarika ara-panahy avy amin'ny asa izy ireo, toy ny fanomezana ho an'ny mahantra, mitsidika ny marary sy ny naiditra am-ponja. Fa avy amin’izany izy ireo dia nantsoina hoe Metodista, sy ny anaram-boninahitra naneso hafa. Teo i John dia nametraka tao an-tsainy fa ilaina ny fivavahana ho an'ny firenena eran’izao tontolo izao ka dia lasa nankany Amerika izy (Georgia) nitory ny filazantsara teo anivon 'ny Indiana. Teny an-dalana izy dia nahita fa maro tamin’ny mpandeha sambo no Moraviana. Tena nampiaiky volana azy ny halemem-panahin’izy ireo, ny fiadanana, sy ny herim-po amin'ny toe-javatra rehetra. Nanao asa tany Zeorzia izy, na dia teo aza ny fandava-tena sy ny asa mafy dia tsy nisy fahombiazana. Niverina tany Angletera izy nitomany nanao hoe “Nankany Amerika aho mba handresy lahatra ny Indiana fa Eh! Iza no mba handresy lahatra ahy?”

Niverina tany London izy ary niaona tamin’ny Moravians. I Peter Boehler no nanoro azy ny lalam-pamonjena. Tena nateraka indray izy ary nampahory sy nampiharihary ny fahatezeran’ny rahalahiny, Charles, izay tsy afaka mahatakatra fa ny olona ara-panahy tahaka an’i John no hanao hoe tsy marina teo anatrehan’Andriamanitra taloha. Na izany aza dia tsy ela koa i Charles dia voavonjy tamin'ny alalan'ny fahasoavana.

Nanomboka nitory ny Filazantsara tamin'izany polipitra tany London izany i Wesley, izay efa nidirany taloha; nefa tsy ela dia noroahin’izy ireo izy. Tamin'izay fotoana izay ilay namany taloha, George Whitefield no nametraka azy tamin’ny sehatra tsara, satria izy nanasa i John ary nanampy azy hitory teny an-toerana izay an'arivony no nihaino ny Teny. Wesley tamin'ny voalohany dia tsy tena nino fa tokony hitory an-kalamanjana fa tsy any an-trano. Fa nony nahita ny vahoaka tafavory sy ny fiàsan'ny Filazantsara ao amin'ny herin'ny Fanahy izy dia nitodika tamin’izany fitoriana izany ny fony.

Tsy ela ny asa dia nahazo vahana izay tsy izy ka nanomboka naniraka laika maro hitory ny Teny izy. Izany dia mitovy amin’ny Pentekosta izay nananganan’ny Fanahy olona amin'ny hery mba hitory sy hampianatra ny Teny efa ho isank’alina. Nisy fanoherana mahery vaika nihatra tamin’ny asany nefa Andriamanitra nomba azy. Ny fiasan 'ny Fanahy dia niseho tamin-kery ary matetika izany Fanahy mandresy lahatra izany dia nihazona ny olona mba hanaisotra ny hery ao amin’izy ireo hany ka nianjera tamin'ny tany nitomany ozoim-pahoriana mafy noho ny fahotany.

Wesley dia hita fa tena lehilahy mahery. Hoy ny filazany hoe tsy mbola nahatsiaro fahatsapana harerahana ara-panahy izy na dia fahefatr’adiny aza hatramin'ny nahaterahany. Tsy matory mihoatra ny enina ora isan'andro izy; nifoha ara-potoana mba hanombohana ny fitoriana amin'ny dimy saika isan'andro tamin’ny fanompoany; Nitory hatramin'ny in’efatra amin'ny andro iray ka isan-taona dia mahatratra ho 800 ny toriteniny.

Nandeha an'arivony kilaometatra maro izy, toy ny nataony tamin’ny lalan’ny mpitaingina soavaly izay nitondra ny Filazantsara akaiky sy lavitra. Raha ny marina Wesley dia nandeha

4500 kilaometatra isan-taona tamin'ny alalan'ny soavaly. Izy dia mpino manana ny herin'Andriamanitra, ary dia nivavaka ho an'ny marary izy tamin'ny finoana lehibe sy valiny mahatalanjona. Ny ankamaroan'ny fivoriany dia nahitana ny fanehoana ny fanomezam-pahasoavana araka ny Fanahy.

Wesley dia tsy nanohana fandaminana (fikambanana). Ny mpiara-miasa taminy no nanana "United Society" izay, "orinasan'ny olona manana endriky ny fitadiavana ny hery araka ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, mitambatra mba hivavaka miaraka, mba handray ny Teny fananarana, sy ny mba hitandrina ny fifankatiavana, hifandefitra, mba hifanampy ho amin'ny asa famonjena." Ny hany takiana amin'ireo izay miditra dia tokony amin'ireo izay naniry ny handositra ny fahatezerana ho avy, ary mba ho voavonjy amin'ny fahotany. "Rehefa nandeha ny fotoana dia niha-hentitra ny fitsipika napetrakak'izy ireo mba ho ampiasaina ho fananarana ahasoa ny fanahiny." Wesley niaiky fa rehefa maty izy dia mety ho lasa fikambanana ny hetsika (organisation) ary ny Fanahin' Andriamanitra hamela an'izy ireo tahaka ny maty. Indray mandeha izy nanamarika fa tsy natahotra ny mety hialan'ny anaran'i Metodista amin' ny tany fa ny Fanahy no hiala.

Nandritra ny androm-piainany dia afaka nahazo harena be izy; nefa tsy nataony izany. Ny teny ankafiziny momba ny vola dia ny hoe: "Mandraisa izay rehetra azonao raisina,tehirizo izay azonao tehirizina, omeo izay rehetra azonao omena." Mba ahoana hoy Wesley raha niverina izy ka nahita ny fiangonana izay mitondra ny anaran'i Metodista amin'izao fotoana izao. Izy ireo dia manan-karena -- tena mpanefoefo. Fa ny fiainana sy ny herin'ny John Wesley dia tsy hita.

Tokony ho voalaza ihany koa fa tsy naniry ny hanorina asa amin'ny antokom-piangonana Wesley na sekta. Na dia Arminiana aza ny finoany, dia tsy te- hisaraka tamin'ny rahalahy izy nohon'ny amin'ny fotopampianarana.Izy dia kandidà tsara ho an'i Jakoba: Aminy ny fiainana mandrakizay dia miorina amin'ny finoana sy ny asa, na ny fahavelomana eo amin'ny fiainana, fa tsy manaiky fotsiny ny fanekem-pinoana na ny fanambaran'ny foto-pampianarana. John Wesley dia maty teo amin'ny faha 88 taonany rehefa nanompo an'Andriamanitra izay vitsy ny olona no sahy hieritreritra fa hahavita izany.

NY FIARAHABANA.

Apokalypsy 3:7, *"ho amin'ny anjelin'ny fiangonana any Filadelfia soraty: Izao no lazain'Ilay masina, Izay marina, Izay manana ny fanalahidin'i Davida, Izay mamoha ka tsy hisy hanidy, ary manidy ka tsy misy mamoha ;"*

Tena tsara izany teny izany. Endrey ny voninahitry ny feony.Manetsika ny fo tokoa ny mieritreritra fa ireo toetra ireo dia ampiharina amin'ny olona iray. Iza no sahy milaza zavatra toy izany momba ny tenany, afa-tsy i Jesosy Kristy, ny Tompon'ny voninahitra? Mino aho fa ny tena fanalahidin'ny fandikana ny tsirairay amin' ireo famaritana andianteny mahagaga

ireo dia hita ao amin'ny andininy faha-9 hoe: “Indro, Izaho hahatonga azy ireo avy amin'ny synagogan'i Satana, izay milaza ny tenany ho Jiosy, kanjo tsy izy, fa mandainga, indro, hataoko tonga hiankohoka eo anoloan'ny tongotrao ireo, ka ho fantany fa Izaho efa tia anao.” Nilaza aho fa io andininy io no fanalahidiny satria miresaka momba ny Jiosy izay milaza foana ny tenany ho zanak'Andriamanitra ary manilika ny olon-kafa rehetra. Nombohan’ izy ireo tamin’ny hazo fijaliana ary novonoiny Jesosy Kristy Tompo. Izany asa mahatsiravina izany dia nahatonga ny rány teo ambonin’ny lohany nandritra ny taonjato maro. Satria tsy nety nanaiky an’i Jesosy ho Mesia izy ireo kanefa Izy tokoa ilay Izy. Ho azy ireo dia tsy ilay ho avy Izy, na ny Zanak' i Davida, ho azy ireo dia i Belzeboba Izy, na olona iray tsy marina voatokana ho faty. Fa tsy mba toy izany. Imanoela tokoa izy, Andriamanitra miseho eo amin'ny nofo. Izy tokoa ilay Mesia.

Azo antoka, fa Izy mihitsy ilay nisy tahaka ny fisiany amin’izao. Misy izy, ILAY JESOSY TSY MIOVA- - i Jesosy Kristy no tsy miova omaly, sy anio ary mandrakizay. Ilay Masina Iray eo afovoan'ny fitoeran-jiro no tena Jesosy Izay nandeha teny amin’ny morontsiraky Galilea, Ilay nanasitrana ny marary, Ilay nanangana ny maty, ary na dia teo aza ny porofo tsy azo lavina dia nohombohana tamin'ny hazo fijaliana Izy, ary maty. Fa nitsangana indray Izy, ka mipetraka eo an-tànan- kavanan'ny Avo indrindra.

Ny Jiosy izany dia tsy niantso Azy hoe masina. Tsy miantso Azy ho masina izy ireo ankehitriny. Fa Izy no ILAY IRAY Masina. Salamo 16:10; “Fa tsy ho foinao ho any amin'ny helo ny fanahiko na avelanao ho tratry ny fahalovana ny IRAY MASINAO.”

Nitady ny fahamarinana araka ny lalàna izy ireo ka nampalahelo ny niafarany, fa tsy misy nofo hohamarinina amin’ny lalàna. Ny lalàna tsy afaka hanamasina ny olona. Ny fahamasinana dia avy amin'ny Tompo. 1 Korintiana 1:30, “Fa avy Aminy no maha ao amin'i Kristy Jesosy anareo, Ilay avy amin’Andriamanitra natao ho fahendrena ho antsika, sy fahamarinana ary fahamasinana sy fanavotana.” II Korintiana 5:21 “mba ho tonga fahamarinan'Andriamanitra ao Aminy koa isika.” Na Kristy izany na maty, ka maty noho ny tsy fanekeny Azy izy ireo.

Ary ny olona teo amin'io vanim-potoana io toy ny amin'izao andro izao aza dia manao izany fahadisoana izany. Tahaka ny Jiosy nialoka tao amin'ny endriky ny fanompoam-pivavahana synagoga, dia toy izany tao amin'ny Vanim-potoana Filadefia, nanao ny fiangonana ho fialofana izy ireo. Tsy manatevin-daharana amin’ny fandehanana am- piangonana no zava-dehibe. Fa tsy ao amin'ny fiangonana no misy ny fiainana . Ny fiainana dia ao amin'i Kristy. “Izany no fanambarana fa nanome antsika fiainana mandrakizay Andriamanitra, ary izany fiainana izany dia ao amin'ny Zanany. Izay manana ny Zanaka no manana ny fiainana, ary izay tsy manana ny Zanaka tsy manana ny fiainana.” Tonga masina amin'ny Fanahy ny olona. Izany dia ny Fanahin'ny Fahamasinana izay nananganana an'i Jesosy tamin'ny maty fa mitoetra anatin-tsika sy mahatonga antsika masina amin'ny fahamasinany.

Teo no nitsangana, Ilay IRAY MASINA. Ary isika dia hijoro hiaraka hitafy ny Fahamarinany, masina miaraka amin'ny fahamasinany.

Io vanim-potoana io izany ny vanim-potoana fahenina. Eo imason'Andriamanitra, ny fotoana dia hifarana. Ary tsy ho ela dia ho avy indray Izy. Tsy ho ela ny fitarainana dia hivoaka rehefa avy Izy, “Ary izay maloto, aoka mbola hihaloto ihany ho Izy; ary izay marina kosa, aoka ho marina hatrany; ary izay masina, aoka ho masina ihany.” Apokalypsy 22:11b.

Oh, faly aho fa ny fahamasinako dia tsy avy amiko. Faly aho fa Izaho ao amin'i Kristy, mbamin'izay toetra rehetra mahatalanjona tao,nozaraina tamiko. Isaorana anie Andriamanitra mandrakizay!

“Izao no lazain'ILAY marina.” Ary izao teny izao: ‘marina,’ dia tena teny mahafinaritra. Tsy hoe marina fotsiny ny heviny izay mifanohitra amin’ny diso. Izany dia maneho ny Fahatsapana Lavorary ny hevitra iray raha oharina amin’ny Fahatsapana tsy Lavorary (ampahany). Ohatra isika nahatsiaro fa Jesosy ao amin'ny Jaona 6:32, “i Mosesy tsy nanome anareo ilay mofo avy tany an-danitra, fa ny Raiko no nanome anareo ny tena mofo avy any an-danitra.” Jaona 15:1, “Izaho ilay voaloboka marina.” Hebreo 9:24, “Fa Kristy tsy mba niditra tao amin'ny fitoerana masina nataon-tanana, izay tandindon'ilay tena marina, fa ao amin’ny lanitra mihintsy, mba hiseho eo anatrehan'Andriamanitra ho antsika.” 1Jaona 2:8, “Satria ny maizina efa lasa, ary ilay mazava marina no manazava ankehitriny.”

Hatramin’io teny io tokoa, maneho ny Fahatsapana Lavorary manohitra ny Fahatsapana Ampahany araka izay naseho teo amin'ireo andininy ireo, dia afaka hahatakatra isika izao fa tsy azo ampitoviana ny Tena izy (Antetype) sy ny karazany, ary ny zava-misy sy ny tandidona. (aloka). Raiso ny ohatra izao ny mana avy any an-danitra. Andriamanitra naniraka mofo anjely nidina avy tany an-danitra ho an'ny Isiraely. Fa tsy nahafa-po izany mofo izany. Izany dia tsara ihany ho an’ny andro iray. Ary izay nihinana dia noana indray ny andro manaraka. Raha namelana manodidina dia lasa voaloto. Fa i Jesosy no ilay tena mofo MARINA avy any an-danitra, ilay mana dia karazana fotsiny ihany. Ary raha misy olona mihinana izany MOFO avy any an-danitra izany dia tsy ho noana intsony izany olona izany. Tsy mila ho miverina indray izy ka hihinana. Tamin’ny fotoana nihinanany, dia nanana fiainana mandrakizay izy. Eto dia tena ZAVAMISY. Tsy ilaina intsony ny aloka (tandindona). Tsy misy ilàna ny famonjena ampahany intsony. Izany REHETRA IZANY dia eto. Tahaka an'i Jesosy tsy ampahan’Andriamanitra; IZY no Andriamanitra.

Tsy misy olona afaka mandà fa ny Isiraely dia nanana ny mazava. Izy ireo ihany no vahoaka nanana ny mazava teo amin’ny firenena. Izany dia tamin’i Egypta tena maizina ary azo tsapan’ny olona izany. Fa tany an-tranon'ny Israelita dia nisy mazava. Fa ankehitriny ny tena fahazavàna dia tonga. Ny fahazavan'izao tontolo izao dia i Jesosy. Mosesy sy ny mpaminany nitondra ny fahazavàna tamin'ny alalan'ny Soratra Masina mikasika ny Mesia. Noho izany Isiraely dia nanana ny mazava. Fa ankehitriny ny fahatanterahan'ny fahazavana dia tonga, ary

izany dia Teny mamirapiratra miseho amin’ny Famirapiratan’Andriamanitra eo anivon ny vahoakany. Tahaka ny andri- afo nanome fahazavàna tamin'ny alina, ary nahafinaritra izany, ankehitriny ny fahazavàna sy ny fiainana, dia niseho tamin'ny fahafenoan'ny fomban'Andriamanitra ara-batana.

Isiraely zatra naka ny vantotr'ombivavy mena ary nanao fanatitra alatsa-drà azy ireo teo ambonin'ny alitara ho amin'ny famelan-keloka. Mandritra ny herintaona ny fahotan'ny ny meloka nisy nanarona. Fa fandrakofana tsy afaka manala ny faniriantsika hanota. Tsy fanatitra lavorary izany. Aloka alohan’ny hahatongavan’ilay tena izy izany. Noho izany isan-taona ny lehilahy tonga hanao sorona ary miverina isan-taona satria mbola nanana faniriana ny hanota. Ny ain’ny biby nanonitra ny fahotany, fa satria ràm-biby no nalatsaka ary aim-biby no nomena azy dia tsy afaka miverina tamin-dralehilahy. Raha niverina aza izany, dia mbola tsy nety ihany. Fa raha i Kristy ilay mpisolo toerana tonga lafatra no nomena, ary ny ràny nalatsaka, dia ny fiainana izay tao amin'i Kristy no niverina teo amin'ny mpanota mibebaka, ary izany fiainana izany dia ny fiainan'i Kristy tonga lafatra, tsy nisy ota sy feno fahamarinana, noho izany ilay meloka dia afaka mandeha amin’ny fahafahana satria izy tsy manam-paniriana ny hanota. Ny fiainan'i Jesosy no niverina taminy. Izany no tiana holazaina ao amin'ny Romana 8:2, “Ny lalàn'ny Fanahin'ny fiainana ao amin'i Kristy Jesosy no nahafaka ahy tamin'ny lalàn'ny fahotana sy ny fahafatesana.”

Fa ny Jiosy tamin’izany andro izany, tamin'ny andron'i Jesosy, dia tsy te hanaiky izany sorona izany. Ny ràn'ny omby sy osy tsy nahatanteraka na inona na inona. Izany dia fomba fiasan'Andriamanitra voatendry indray mandeha. Fa ankehitriny kosa, Kristy rehefa niseho teo amin'ny nofo, sy ny fandatsahany ny ràny no nanafaka ny ota ary ny fanatitra avy amin’ny tenany mihitsy no nahatonga antsika ho lavorary. Ny Jiosy tsy handray izany. Ahoana anefa ny momba ny vanim-potoana Filadefia sy ny vanim-potoana hafa koa? Tena manaiky izany zava-misy ao amin'i Kristy izany tokoa ve izy ireo? Tsia tompoko. Marina fa Luther nitondra ny marina ny amin’ny fanamarinana, ny Fiangonana Romàna, sy ny avy any atsinanana, ny Eglizy Ortodoksa, dia mbola mifikitra amin’ny asa. Tsara ny asa, fa tsy hamonjy anareo. Tsy hahatanteraka anareo ny asa. Na i Kristy, na very. Ary izany dia tsy Kristy SY ny asa. Fa i Kristy irery ihany. Io taona io no fanombohan’ny taona Arminianisma izay tsy mino an'i Kristy toy ny TENA-MISY. Tsy mihira ny “Tsy misy afa-tsy ny Rà izy ireo,” fa mihira kosa ny “Tsy misy afa-tsy ny rà SY NY ny fitondran-tenako”. Ankehitriny dia mino ny fitondran-tena tsara aho. Raha toa ianao ka voavonjy dia manao amim-pahamarinana. Efa nandeha tamin’izany isika. Fa mamelà ahy hilaza aminareo ankehitriny, ny famonjena dia TSY Jesosy AMPIANA. Izany dia Jesosy irery ihany. NY FAMONJENA DIA AVY AMI’NY TOMPO. Hatrany am-pihandohana ka hatramin’ny farany dia Andriamanitra izany rehetra izany. Avelao ny dian-kapoka natao taminy hanasitrana ahy. Avelao ho Jesosy, ary Jesosy Irery ihany. Fa tsy ny asan’ny fahamarinana izay nataoko. Tsia tompoko. Kristy no fiainako. Amen.

Tsapako fa afaka mandeha manohy momban’ ireo fahamarinana ireo aho, fa tiako ny hanome

anareo hevitra iray hafa. Izany dia momban'ilay hira mahafinaritra izay nosoratan'i A. B. Simpson.

> Once it was the blessing, Now it is the Lord.
> Once it was the feeling,
> Now it is His Word. Once His Gift I wanted,
> Now the Giver own.
> Once I sought for healing, Now Himself Alone.
> All in All forever,
> Jesus will I sing. Everything in Jesus,
> And Jesus everything.

Tsy misy na inona na inona eto amin'ity fiainana ity, izay mety mahafa-po araka ny fijery azy, na tsara sy mahafatifaty araka izay mety ho fitrangany,raha tsy ny fahitanao fa ny fitambaran'ny fahalavorariana ao amin'i Kristy. Ny zava-drehetra hanjavona afa-tsy Izy ihany.

"Izy ilay manana ny fanalahidin'i Davida." Ity andian-teny manaraka tsara tarehy sy tonga avy ao amin'ny andian-teny teo aloha ity, "Izy ilay marina". -- Kristy, Ilay Fahatanterahana Lavorary, oharina amin'ny Fahatsapana Ampahany. Indro eto Ilay izy. Mosesy dia mpaminanin'Andriamanitra, fa i Jesosy (tahaka an'i Mosesy) dia ILAY Mpaminan'Andriamanitra. Davida (lehilahy araka ny fon'Andriamanitra) dia mpanjakan'ny Isiraely, fa i Jesosy no ilay Davida Lehibe, Mpanjakan' ny Mpanjaka, sy Tompon'ny Tompo, Andriamanitra tena Andriamanitra. Ary Davida dia teraka avy tamin'ny taranak'i Joda izay tsy nisy mpisorona nivoaka tamin'izany, kanefa nihinana ny mofo naseho natokana ho an'ny mpisorona. Izy ilay mpiady mahery nandresy ny fahavalo, nandamina ny olona; amin'ny maha mpanjaka azy dia nipetraka teo ambonin'ny seza fiandrianana izy. Mpaminany izy. Tena mahagaga fa karazan'i Kristy izy. Ary hoy ny ao amin'ny Isaia 22:22 hoe: "Ary ny fanalahidin 'ny taranak'i Davida hapetrako eo an-tsorony; ka Izy no mamoha, ka tsy hisy handrindrina; Ary handrindrina izy, ka tsy hisy hamoha." Ny Fanahy dia mampiasa ity Testamenta Taloha ity momba an'i Jesosy Kristy Tompo sy ny asa fanompoany ao amin'ny fiangonana. Ny dikan'ny fanalahidin'i Davida tamin'izany andro izany dia tandidona ihany, izay tanteraka tamin'i Jesosy ankehitriny nijoro teo afovoan'ny fitoeran-jiro. Ny Tompontsika mihintsy izany TAORIAN'NY nitsanganany tamin'ny maty fa tsy tamin'ny nivahiniany teto an-tany. Fa inona no dikan'izany fanalahidy izany? Ny valiny dia mitoetra ao amin'ny FIPETRAKY ny fanalahidy. TSY teny an-tànany io. Tsy teny am-bozonany.Tsy napetraka teny amin'ny tànan'ny olon-kafa, raha tsy izany ny andininy tsy afaka nanao hoe: IZY IRERY IHANY NO MANANA NY FAMPIASÀNA IZANY - - SATRIA IZY IRERY IHANY NO MANOKATRA SY MANIDY, ARY TSY MISY OLONA manana fahefàna amin'izany afa-tsy Jesosy ihany. Tsy izany ve ny marina? Fa aiza kosa ary ilay fanalahidy? ENY AN-TSORONY IO. Fa inona no hidiran'ny soroka amin'izany ? Vakio ny Isaia 9:6, "Ary ny fanapahana dia eo an-tsorony." Inona anefa no dikan'izany? Ny valiny dia izao. Ilay andian-teny hoe, "ny fanapahana eo an-tsorony" dia avy amin'ny lanonana fampakaram-bady avy any ny Atsinanana. Rehefa natolotra ny mpampakatra ny ampakarina dia esoriny ny

fisalobonany ary apetrany eo an-tsoron’ny mpampakatra, tsy midika fontsiny ihany fa eo ambany fifehezany izy-fa efa nafindrany taminy ny zony -- ary izy no lohany-ary izy koa no hitondra ny andraikitra sy fikarakarana, ary IZY, IZY IRERY IHANY - TSY MISY OLON-KAFA - TSY MISY OLOMBELONA HAFA -- TSY MISY HERY HAFA-MANANA NY FAHEFANA SY ANDRAIKITRA. Ary izany, ry malala, dia ny FANALAHIDY n'i Davida. Andriamanitra ilay Tompo Fara-tampony, efa fantany mialoha tamin’ny alàlan’ny didy Masina izay ho ampakarina. Izy no nifidy azy.

Izy tsy nifidy Azy. Nantsoiny izy. Tsy tonga tamin’ny tenany manokana izy. Maty ho azy Izy. Nosasany tamin'ny ràny izy. Naloany ny sarany nividianany azy. Azy izy ary ho Azy irery ihany. Manolo-tena tanteraka ho Azy izy ary manaiky izay andidiany azy. Izy no lohany, satria Kristy no lohan'ny ny fiangonany. Dia tahaka an'i Saraha niantso an'i Abrahama, Tompoko ô, dia toy izany koa ny ampakarina, ho faly izy fa Izy no Tompony. Miteny sy mankatò izy satria izany no mahafinaritra azy.

Fa ny olona ve manana izany fahamarinana izany? Nomen’izy ireo lanja ve Izy izay IZY irery no manana ny fahefana feno eo amin’ny fiangonana? Hoy aho hoe: “TSIA”. Fa tamin'ny vanim-potoana rehetra ny Fiangonana dia fehezin'ny ny ambaratongam-pahefana - ny fisoronana - ny fifandimbiasana maha-apôstôly - manakatona ny varavaran'ny famindram-po sy ny fahasoavana amin’izay tokony hiantefan’izany, raha tokony naneho fitiavana sy andraikitra tao amin'ny fiangonana dia nanana mpikaraman'ady miaraka amin’ny filan'ny nofo nanararaotra nandroba tany aminy ka nandringana azy. Ny mpitondra fivavahana niaina tamin’ny fireharehana ary ny fiangonana mahantra novonkizana akofan’ny fanararaotana. Ary tsy mbola nisy vanim-potoana iray niavaka. Samy namatotra ny tenany tamin’ny fikambanana ka nampanaiky ny fiangonana ho amin’izany fifehezana izany. Raha misy olona sahy mitsangana, dia nampanginina tamin-kerisetra na noroahina. Ny antoko-piangonana tsirairay dia manana ny Fanahy iray ihany. Ny antoko-piangonana rehetra dia mianiana fa manana ny fanalahidin'ny famehezana ny fiangonana. Ny antoko-piangonana rehetra milaza fa manokatra ny varavarana. Kanefa tsy marina velively izany. I Jesosy ihany, Jesosy irery ihany. Izy no mamaritra ny rantsambatana ao amin'ny TENA. Omeny asa fanompoana izy ireo. Apetrany eo aminy ny fanomezam-pahasoavana amin'izay ampiasainy azy. Miahy sy mitarika azy ireo Izy. Izy ireo dia tena fananany ary tsy misy hafa afa-tsy izy.

Izany halavitan’ny antso amin’izao vanim-potoan'ny fiangonana iainantsika izao amin’ny tena izy. Ary indray andro any tsy ho ela ireo olona ireo izay milaza ny tenany ankehitriny, milaza ny tenany fa miteny ho an'ny fiangonana dia hitsangana ao amin'ny hetsika ekiomenisma, hetsika mba hametraka ny antikristy velona ho lohan’ny fikambanana izay hametraka ny Tompo ary isika dia hahita Azy (Kristy) ivelan'ny fiangonana hanao hoe: “Indro, efa mitsangana eo am-baravarana aho ka mandondòna; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho, ka hiara-misakafo aminy, ary izy ho amiko.” Apokalypsy 3:20.

Fa aoka aho hilaza izao.Tsy resy ny Tompontsika. Ny olona mihambo ho manokatra ny varavarana ho any amin'Andriamanitra, kanefa mpandainga izy ireo. Izay rehetra nomen’ny Ray Azy dia ho tonga aminy, ary izay manatona Azy tsy mba ho very; Tsy hisy ariany NA IRAY AKORY AZA. Jaona 6:37-39. Ary rehefa tafiditra izany mpikambana voafidy farany ho amin'ny tenan'i Kristy izany, dia hiseho ho Tompontsika.

Ny fanalahidin'i Davida, tsy i Davida ve ilay mpanjakan'ny Isiraely- - ny Isiraely rehetra? Ary tsy zanak’i Davida ve i Jesosy araka ny filazàna fa Izy no hipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'i Davida ao amin'ny fanjakana arivo taona, ary hanapaka sy hanjaka amin'ny Lovany? Azo antoka. Noho izany ny fanalahidin'i Davida dia midika fa i Jesosy no mitondra ao amin'ny fanjakana arivo taona. Ilay manana ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny helo dia hanangana ny Azy mba handraisan’izy ireo anjara amin'ny fanjakan'ny fahamarinana eto an-tany.

Mahagaga ny Tompontsika fa manana ny valiny rehetra. Marina tokoa fa tao Aminy avokoa ny teny fikasan'Andriamanitra rehetra no tanteraka. Marina tokoa fa AO AMINY no maha mpandova antsika ny zavatra novidiny ho antsika. Eny mitsangana eo Izy, ny Tompon'ny voninahitra. Indray mandeha tahaka ny Ray, nanodidina Azy ny anjely, ny Arikanjely, ny kerobima, sy ny serafima ary ny rehetra eny amin'ny lanitra ka niantso mafy hoe: “Masina, masina, Masina ny Tompo Andriamanitry ny Maro”. Toy izany ny fahamasinany ka tsy misy olona afaka manatona Azy. Fa ankehitriny isika mahita Azy ao am-piangonana, mizara ny fahamasinany amintsika, mandra-pahatongantsika ho tonga tena fahamarinana avy amin'Andriamanitra. Eny, ary dia nitsangana teo Izy, “i Jesosy, Zava-drehetra Lavorary” --Lisy eny Andohasaha, ilay Kintana Mamirapiratra Fitarika andro, ilay Tsara Indrindra amin’ny alin’alina, Alfa sy Omega, Solofo sy Taranak'i Davida, Ray, Zanaka sy Fanahy Masina --Rehetra Rehetra. Isaia 9:6, “Fa isika kosa Zaza no teraka ho antsika, zazalahy no omena; ary ny fanapahana dia eo an-tsorony, ary ny anarany atao hoe Mahagaga, Mpanolontsaina, Ilay Andriamanitra Mahery, Rain'ny mandrakizay, Ilay Andrian'ny Fiadanana.” Ao Aminy ny fahafenoana lavorary. Na dia nanao Azy ho tsinontsinona aza isika, ankehitriny dia tiantsika Izy amin’ny fifaliana tsy hay lazaina sady feno voninahitra. Eo afovoan’ny fiangonana Izy no mitsangana, ary dia hihira ny fiderana Azy isika,fa Izy ilay Mpandresy Mahery no lohan’ny fiangonana dia ny ampakarina. Novidiny izany ampakarina izany. Azy izy ireo. Azy izy ary azy samirery ary mikarakara azy ireo Izy. Izy no mpanjakantsika ary isika no Fanjakany, fananany mandrakizay.

Ankehitriny dia hahatsiaro ianao fa eo am-piandohan'ny ny andininy faha-7, nilaza aho fa ny andininy faha-9 no hanampy antsika mba hahatakatra azy io. Manantena aho fa fantatrao izay tiako holazaina. Jesosy nametraka ny tenany ho toy ILAY masina, marina, (na ilay tokana tena izy) ilay IRAY manana ny fanalahidin'i Davida, Ilay IRAY manokatra sy manakatona. Ary izay no tena marina. Ireo no andian-teny mamaritra Azy tanteraka. Fa ny Jiosy tamin 'ny androny tsy nanaiky Azy sy izay rehetra momba Azy. Nolavin’izy ireo ny Mpamonjiny sy izay rehetra tiany nolazaina azy ireo. Ary ny anarana Kristianina dia manao toy izany koa

ankehitriny. Nanao izay natao'ny Jiosy izy ireo. Ny Jiosy nanombo Azy tamin'ny hazo fijaliana ary avy eo niverina namely teo ny mpino tena marina mba hamotika izany. Fa Andriamanitra no marina, ary Ilay mihoatra noho izay rehetra misy no mbola hiverina, ary rehefa hiverina Izy dia haneho Izay tena Tompom-pahefana. Ary rehefa manaporofo ny tenany eo amin'izao tontolo izao Izy, dia handohalika eo an-tongony izao tontolo izao, amin'izany andro izany izao tontolo izao dia hiankohoka eo an-tongotry ny olona masina ka haneho marimarina fa marina ny fijoroan' izy ireo miaraka Aminy. Isaorana mandrakizay anie Andriamanitra!

VANIM-POTOANAN'NY NY VARAVARANA MIVOHA

Apokalypsy 3:8, *"Fantatro ny asanao, indro efa nataoko teo anoloanao NY varavarana mivoha, ka tsy misy maharindrina azy. Fa ianao manana hery kely ihany ka nitandrina ny Teniko ary tsy mba nandà ny Anarako."* Ny andian-teny voalohany ao amin'io andininy io: "Fantatro ny asanao," dia voazava ao amin'ny andininy sisa, satria ny asan'izy ireo dia misy hifandraisany amin'ny: ny varavarana misokatra, 'hery kely' 'ny Teny sy ny Anarana.'

Mba hahatakarana ny hevitry ny dikan'ny hoe "indro ataoko eo anoloanareo ny varavarana mivoha, ka tsy misy maharindrina azy," dia tsy maintsy tadidiantsika ankehitriny ny zavatra voalaza isaky ny vanim-potoana, mankany amin'ny vanim-potoana hafa. Misy fifanindrina, fandrendrehana, na fihenàna, tsy tapitra tanteraka dia efa nisy fanombohana. Ity vanim-potoana ity dia mikoriana mankany amin'ny taona manaraka. Ary tsy difotra ao amin'ny vanim-potoana farany ihany ity vanim-potoana ity, satria ny vanim-potoana farany amin'ny lafiny maro no fanohizana ny taona faha 6. Ny taom-piangonana fahafito (taona fohy dia fohy) dia manangona ho an'ny tenany asa maika iray,dia ny ratsy rehetra isaky ny vanim-potoana, ary dia mbola ny zava-misin'ny Pentekosta ihany. Raha vao nanomboka nandeha tamin'ny vanim-potoanany ny Filadefia dia ny nihazakazaka niditra haingana ny vanim-potoan'i Laodikia, mitondra ny tsimparifary sy ny vary ho jiinjaina, "Fehezo aloha ny tsimparifary mba hodorana; fa ny vary angony ho any an-tsompitro." Matio 13:30. Tsarovy tsara, fa ny taona Sardisy no nanomboka ny fanavaozana izay tsy maintsy mbola nitohy mandra-panirin'ny voa nambolena tao amin'ny Pentekosta haniry tsara, manondraka, manolokolo, sns… mandrà-miveriny amin'ny voa tany am-piandohana. Raha izany no mitranga, ny tsimparifary izay nafafy dia tsy maintsy mandeha amin'ny fihodinany sy ho jinjaina ihany koa. Izany no zavatra marina hitantsika mitranga. Raha afaka jerenao fotsiny ny fizaram-potoana (saison), dia afaka mahita sary tena tsara amin' izany ianao. Ny voly hitanao naniry tsara tamin'ny vanim-potoana mafàna tampoka eo dia toa mandeha ho lasa voa indray. Tsy tena afaka milaza ny fifindran'ny lohataona mankany amin'ny fararano ianao- - lasa ho azy any izany. Tahaka izany ihany ireo vanim-potoana ireo, ary indrindra fa ireto roa farany ireto.

Ho an'io taona io no nilazan'i Jesosy: avy FAINGANA Aho'ny andininy faha-11. Izay dia mametraka ilay taona farany ho taona tena fohy. Laodikia ny taonan' ny asa haingana. Efa

notapahina ho fohy izany.

Ankehitriny dia hijanona manokana eo amin'ny VARAVARANA MISOKATRA isika izay tsy misy na iza na iza maharindrina. Voalohany indrindra te- hijanona eo amin'ny varavarana misokatra aho ka toy ny mamaritra ilay ezaka misiônera lehibe tamin'izany taona izany. Paoly dia niantso ny ezaka tamin'ny asa fitoriana ho an'ny Tompo hoe varavarana mivoha. 2 Korintiana 2:12, "Ary rehefa tonga tany Troasy aho nitory ny filazantsaran'i Kristy,ary novohana tamiko ny varavarana ao amin'ny Tompo." Noho izany dia afaka mahita amin'ny alalan'ny fampitahana ny Soratra Masina isika fa io varavarana misokatra io dia midika fampielezana ny Filazantsara lehibe indindra teto amin'izao tontolo izao.

Tiako ianao mba hahita zavatra eto. Andriamanitra miasa ao anatin'ny telo, tsy izany ve? Tamin'ny fahatelo na ny taona Pergamosy no nifanambady ny fiangonana sy ny fanjakana. Ny asan'ny Nikolaitana efa lasa ny fotopampianaran'ny Nikolaitana. Izany taona izany no VARAVARANA MISOKATRA ho an'ny voaloboka tsy izy. Raha vao notohanan'ny herin'ny fanjakana dia lasa rafitr'izao tontolo izao na dia nitondra ny anarana Kristianina aza. Noho izany dia niparitaka toy ny afo mandripaka izany. Fa ankehitriny, taona telo tatỳ aoriana, rehefa avy nitolona sy niady mafy tamin'ny finoana, dia tonga ny VARAVARANA MIVOHA ho amin'ny fahamarinana. Ny Tenin'ny Tompo manana ny androny. Mazava ho azy fa ny taona fahadimy nametraka ny dingana ho an'io hetsika lehibe io, satria nanome antsika fitrandrahana, fanjanahantany, ny fanaovana pirinty ny boky, sns io taona io.

Mety ho nahafinaritra raha nanaraka ny endrika Masin'ny Pantekosta ilay 'varavarana misokatra' araka izay voalaza ao amin'ny Hebreo 2:1-4, "Ary amin'izany dia tokony hotandremantsika mafimafy kokoa izay efa rentsika, fandrao havelantsika hivotsotra izany. Fa raha mafy ny Teny izay nampilazaina ny anjely, ka samy voavaly marina avokoa ny fahadisoana rehetra mbamin'ny fahotana, hataontsika ahoana no fandositra, raha tsy mitandrina izao famonjena lehibe izao isika? dia ilay nampilazaina ny Tompo tamin'ny voalohany, ary nohamafisin'izay nandre tamintsika kosa, sady Andriamanitra koa no niara-nanambara taminy tamin'ny famantarana sy fahagagana ary asa lehibe samy hafa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina nozarazarainy araka ny Sitrapony? Ary hoy Izy taminy: Mandehana any amin'izao tontolo izao ianareo, ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra. Izay mino sy atao batisa no hovonjena; fa izay tsy mety mino no hohelohina. Ary izao famantarana izao no hanaraka izay mino: hamoaka demonia amin'ny anarako izy; hiteny amin'ny fiteny izay tsy mbola hainy izy; handray menarana izy; ary na dia misotro zava-mahafaty aza izy, dia tsy hampaninona azy izany; hametra-tanana amin'ny marary izy, dia ho sitrana ireny. Ary Jesosy Tompo, rehefa avy niteny tamin'izy ireo, dia nampakarina ho any an-danitra ka nipetraka eo an-kavanan'Andriamanitra. Fa izy ireo kosa dia lasa ka nitori-teny teny tontolo rehetra teny, ary ny Tompo niara-niasa tamin'izy ireo ka nanamarina ny Teny tamin'ny famantarana izay nanaraka azy ireo. Amen"

Izy tsy nilaza tamin'izy ireo na oviana na oviana ny mba handeha any amin'izao tontolo izao

ary hanorina Sekoly Biblika; Tsy nilaza tamin’izy ireo koa Izy ny hanao literatiora. Ary ireo zavatra ireo dia tsara, fa ny zavatra nolazain’i Jesosy tamin'izy ireo dia ny HITORY NY FILAZANTSARA - hifikitra amin'ny TENY - ary avy eo ny famantarana dia manaraka. Ny fampidirana voalohany ananantsika teny an-dalana ny amin'ny fomba tsy maintsy nitoriana ny fanjakan'Andriamanitra dia fony Izy naniraka ny roa ambin'ny folo lahy. Ao amin'ny Matio 10: 1-8, dia naniraka sy nampianatra azy ireo toy izao Izy: "Ary Jesosy niantso ny mpianany roa ambin'ny folo lahy hankeo aminy ka nanome azy fahefana hamoaka fanahy maloto sy hanasitrana ny aretina rehetra mbamin'ny rofy rehetra. Ary izao no anaran'ny Apostoly roa ambin'ny folo lahy: Ny voalohany, Simona, izay atao hoe Petera, dia Andrea rahalahiny; Jakoba, zanak'i Zebedio, sy Jaona rahalahiny; Filipo sy Bartolomeo; Tomasy sy Matio mpamory hetra; Jakoba, zanak'i Alfeo, sy Tadeo; Simona Kananeana ary Jodasy Iskariota, ilay namadika Azy. [Na: Zelota, zahao Lioka.6:15]. Ireo roa ambin'ny folo lahy ireo dia nirahin'i Jesosy ka nodidiany hoe: Aza mandeha any amin'ny lalan'ny jentilisa, ary aza miakatra amin'izay tanànan’ny Samaritana, fa aleo mankany amin'ny ondry very amin'ny taranak'Isiraely. Ary raha mandeha ianareo, dia mitoria hoe: Efa mby akaiky ny fanjakan'ny lanitra. Sitrano ny marary, atsangano ny maty, diovy ny boka, avoahy ny demonia; efa nahazo maimaimpoana ianareo, koa manomeza maimaimpoana. "Ity asa fanompoana izay nomeny azy ireo ity raha ny marina dia ny fizarana ny asa fanompoany tamin’izy ireo, satria milaza ao amin'ny Matio 9:35-38: "Ary Jesosy nandeha nitety ny tanàna rehetra sy ny vohitra, nampianatra tao amin'ny synagoga sy nitory ny filazantsaran'ny fanjakana ary nahasitrana ny aretina rehetra mbamin'ny rofy rehetra. Ary nony nahita ny vahoaka Jesosy, dia nahonena Azy ny fijeriny ireo, satria nampahantraina ireo ka nafoy toy ny ondry tsy misy mpiandry. Dia hoy Izy tamin'ny mpianany: Ny Be ny vokatra, fa ny mpiasa no vitsy; Koa amin'izany mangataha amin'ny Tompon'ny vokatra, mba hampandehanany mpiasa hamory ny vokatra."

Ary maro ny olona no mihevitra ankehitriny fa ireo apostoly ihany no nanana izany fanompoana izany, izay nomen’ny Tompo Jesosy azy ireo, koa rehefa maty izy ireo, dia nitsahatra ny fanompoana. Tsy mba toy izany. Eto ao amin'ny Lioka 10:1-9, hitantsika fa tamin 'ny androny teto an-tany dia efa nanomboka ny nanome asa fanompoana tamin-kery ny Izy ho an’ny tenany, "Rehefa afaka izany, ny Tompo nanendry olona hafa fito-polo lahy koa, ka naniraka azy tsiroaroa hialoha Azy any amin'ny tanàna sy ny toerana, izay Izy mihitsy no ho avy any. Ary hoy Izy tamin’izy ireo: Be tokoa ny vokatra, fa ny mpiasa no vitsy; mivavaha ianareo amin’ny Tompon'ny vokatra, fa haniraka mpiasa Izy hankeo amin’ny vokatra. Mandehana: Indro, Izaho maniraka anareo tahaka ny zanak'ondry eo afovoan'ny amboadia. Aza mitondra kitapom-bola, na kitapom-batsy, na kapa; ary aza miarahaba olona akory eny an-dalana. Ary izay trano hidiranareo, lazao aloha hoe: Fiadanana ho amin'ity trano ity. Ary raha misy zanaky ny fiadanana ao, dia ny fiadanana dia hitoetra amin'izany; raha tsia, dia hiverina ho aminareo ihany izany fiadanana izany. Ary ao amin'izany trano izany dia mijanona, ka mihinàna sy misotroa izay zavatra omeny; fa ny mpiasa miendrika hahazo ny karamany. Ary sitrano ny marary ao, ka lazao aminy hoe: Ny fanjakan'Andriamanitra efa tonga aminareo."

Iza no sahy mandà ny asa fanompoana mahery nataon’i Filipo? Iza no sahy handà ny asa fanompoana mahery nataon’i Irénée, Martin, Colomba, Patrick sy ny maro tsy hita isa hafa izay nanana ny osotr’Andriamanitra teo amin’izy ireo?

Eny. Ny lalan’ny Baiboly no tena lalana mankany amin'ny varavarana misokatra. Ary tiako ny hanampy ny fijoroako ho vavolombelona amin’izany. Ny antony tsy maintsy hanaovako izany dia satria amim-pahatokiana ihany no ahafahako miteny izay nataon’Andriamanitra teo amin’ny fiainako. Koa mamelà ahy hilaza aminareo manokana ny amin’ny fahalalako marina fa i Jesosy no tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay, ary ny herin'Andriamanitra mbola misy ho an'ireo izay mino sy mandray.

Nandritra ny asa fitoriana nataoko tany Afrika Atsimo, tena nitahy Andriamanitra ka rehefa tonga tany Durban aho, ny hany toerana izay nahafahana nanomboka ny nandraisana ny olona dia ilay lalana fanaovana hazakazaka, izay faharoa lehibe indrindra eto amin'izao tontolo izao. Ary ny vahoaka dia nihoatra ny 100,000. Mba hitandremana ny lalàna sy ny filaminana dia tsy maintsy nametraka ny fefy izy ireo mba hanavahana ny foko samihafa. Nametraka polisy an-jatony izy ireo mba handaminana ny vahoaka. Ireo fanahy noana dia tonga avy any amin’ny kilaometatra maro. Ny mpanjakavavy avy any Rodezia tonga tamin'ny lamasinina sy mpanazatra 27 feno teratany Afrikàna. Izy ireo dia sahirana nanerana ny saha sy tendrombohitra nitondra teny an-damosiny tao anatin'ny kilaometatra maro dia maro ireo sasany mila fanampiana. Ny firenena iray manontolo dia taitra noho ny asa lehibe izay efa nasehon'ny Fanahy Masina.

Indray tolakandro, raha vao hanao fanompoam-pivavahana aho, iray tamin'ireo Mohammedans an'arivony niakatra teo amin'ny lampihazo. Rehefa nitsangana teo anatrehako izy (vehivavy), nisy misionera iray ho an'ny Mohammedans nanomboka nitalaho moramora tamin’ny ny Tompo, "Oh, ho an’ity fanahy sarobidy ity. Oh, ho an’ity fanahy sarobidy ity." Izy efa tany nandritra ny taona maro dia maro, ary araka ny fijoroana ho vavolombelona nataony, dia hitany fa Mohammedan IRAY no tonga nandray an'i Jesosy Kristy ho Mpamonjy. "Tany am-boalohany izy ireo dia ny Medianina sy Persianina izay tsy miova ny lalàny. Tena te handresy mafy izy ireo. Tahaka ny hoe “Raha vao Mohamedana dia Mohamedana foana”. Eny, rehefa nitsangana teo anatrehako izy, dia nanomboka niteny taminy aho sy ny rehetra anarivony tamin'ny alalan'ny mpandika teny. Hoy aho hoe: "Moa tsy mba toy izany ve ny nilazàn’ny misiônera anareo momba ilay JESOSY tonga mba hamonjy anareo?" Nifampijery ny mety nahitanareo ny olona rehefa nilaza izany aho. Ary rehefa namaly izy ireo fa marina ny voalazako dia nanohy aho ary nanao hoe: "Ary ny misiônera ve namaky taminareo avy amin'ity boky ity (Nasehoko azy ireo ny Baiboliko) fa io Jesosy io ihany ilay mpanasitrana mahery, ary hipetraka ao amin’ny olony Izy amin'ny vanim-potoana rehetra mandra-pahatongany indray handraisany azy ireo ho any Aminy? Nolazainy taminareo ve fa avy amin’izany Fanahy izany ihany, ao amin’ireo izay ao amin’i Jesosy dia ho afaka hanao ny asa mahery toy ny nataon'i Jesosy? Nolazainy taminareo ve fa afaka ho sitrana ianareo, eny ary mety ho voavonjy? Firy aminareo no te-hahita izany Jesosy izany

hidina eto amintsika ka hanao toy izay nataony fony izy teto an-tany fahiny?" Izany dia zavatra iray azo antoka fa tena neken'izy ireo.

Avy eo aho dia nanohy hoe: "Raha i Jesosy amin'ny alalan'ny Fanahiny no hanao izay nataony fony tetỳ ambonin'ny tany, hino ny Teniny ary ve ianao?" Ary teo ilay vehivavy Mohamedana nanoloana ahy. Ny Fanahy nanomboka nihetsika avy amin'ny alalako.

Dia hoy aho taminy hoe: "Ankehitriny, fantatrao fa tsy fantatro ianao. Ary tsy afaka miteny ny fiteninao akory aho." Niaiky izany izy. Hoy aho hoe: "Raha ny fanasitranana anao, fantatrao fa tsy afaka manao izany aho. Fa ianao kosa nandre ny hafatra androany tolakandro ka nahafantatra ahy." Ny mpandika teniny Indiana namaly indray ho azy ka nahafantatra izy, satria efa namaky ny Testamenta Vaovao izy.

Ankehitriny, ny Mohamedana dia taranak'i Abrahama. Mino Andriamanitra Iray izy ireo. Fa mandà an'i Jesosy ho Zanak'andriamanitra izy ireo, fa i Mohameda no noraisiny ho Mpaminaniny. Hoy izy ireo hoe, i Jesosy dia tsy maty na oviana na oviana ka nitsangana. Nampianarin'ny mpisorony an'izany izy ireo ka nino.

Hoy aho hoe: "Fa Jesosy dia maty ary nitsangana indray. Nandefa ny Fanahiny teo amin'ny fiangonana indray Izy.Izany Fanahy tao Aminy izany dia ilay Fanahy iray ihany ao amin'ny Fiangonana ankehitriny ary afaka mamoaka ny zavatra navoakan'i Jesosy. Hoy izy ao amin'ny Jaona 5:19: "ny Zanaka tsy mahazo manao na inona na inona ho Azy manokana, afa tsy izay hitany ataon'ny Ray; fa na inona na inona no nataony, izany koa no nataon'ny Zanaka." Koa ankehitriny, raha tonga i Jesosy, ary haneho amiko izay mahazo anao na ny antony ahatongavanao eto, -- raha afaka miteny amiko ny momba ny fiainanao teo aloha Izy, azo antoka ve fa afaka mino ny ho avy ianao?" Ary hoy izy tamin'ny mpandika teny, "Eny afaka aho." Hoy aho: "Eny àry, enga anie Izy ka hanao izany." Ireo Mohamediana dia nizaha taratra tsara. Nirona nankeo aloha izy rehetra mba hijery izay hitranga. Avy eo ny Fanahy Masina dia niteny, "Ny vadinao dia fohy, lehilahy mafonja, miaraka amin'ny volombava mainty. Manan-janaka roa ianao. Tany amin'ny dokotera ianao tokony ho telo andro lasa izay ary nijery ny momba anao izy. Misy kista eo amin'ny kibonao." Nanondrika ny lohany izy ka nanao hoe: "Marina izany." Dia nanontany azy aho hoe: "Ahoana no nahatongavanareo teto amiko izay Kristianina? Nahoana no tsy mba nandeha tany amin'ny mpaminanin'ny Mohamediana ianao?" Hoy izy hoe: "Mino aho fa afaka manampy ahy ianao. Hoy aho hoe: "Tsy afaka manampy anao aho, fa raha mandray an'i Jesosy Kristy ho toy ny Mpamonjy anao ianao, izay eto Izy izao, ary mahafantatra ny momba anao rehetra, dia hanampy anao Izy."

Hoy izy hoe: "Manaiky an'i Jesosy ho Mpamonjy ahy aho." Izay no nanao izany. Sitrana izy, ary tokony ho iray alina ny Mohamediana nanantona an'i Kristy tamin'izany andro izany, satria ny Filazantsara dia notoriana tamin'ny Teny sy ny hery. Andriamanitra tsy nilaza tamin'ny olona iray hiasa telo-polo taona kanefa tsy hijinja na inona na inona. Nomeny antsika ny varavarana misokatra ho an'ny Teny sy ny hery ary izany no zavatra heverina

hampiasaintsika. Izany no nanomezana an'i Paoly ny asa lehibe sy fanompoana mahaomby. 1 Korintiana 2:4, "Ary ny teniko sy ny toriteniko dia tsy tamin'ny teny mahaliana sy fahendren'olombelona, fa tamin'ny fanehoan'ny Fanahy sy ny hery."

Mihainoa ahy izao. Teo amin'io fandehanana io ihany no nandehanako fiaramanidina tao New Salisbury, Rodezia, izay nahitako olona efatra nanana pasipaoro Amerikana. Nankeo amin'izy ireo aho ary niteny, "Manao ahoana e, hitako ianareo fa manana pasipaoro Amerikana.Mandeha mitsangatsangana?" Namaly ahy ilay tovolahy nanao hoe: "Tsia, misiônera izahay rehetra ireto." "Tena tsara ", hoy aho. "Moa ve anareo manokana sa amin'ny fikambanana?" "Metodista izahay. Avy Wilmore, Kentucky izahay," hoy izy. "Eny, tena eo akaikin'ny tokontaniko izany", hoy aho.
"Tsy ianao akory ilay Rahalahy Branham izay tonga avy any, sa?"

Hoy aho hoe: "Eny, marina izany." Izay no nanasitrana azy. Tsy nilaza zavatra hafa izy - ary izy sy ireo tovovavy telo nifampijery. Dia hoy aho: "iray minitra fotsiny anaka, te-hiresaka aminareo rehetra aho momban'ny fomba fanao, satria isika rehetra samy Kristianina, ary tonga eto noho ny antony lehibe. Ary hoy ianareo: efa roa taona no nahatongavanareo taty. Afaka milaza amin'ny anaran'i Jesosy ve ianareo fa afaka manondro olona iray fantatrareo nentinareo teo amin'ny Tompo?"
Tsy afaka nanao izany izy ireo.

"Tsy te- handratra ny fihetseham-ponareo aho razazavavy," hoy aho, "ianareo rehetra dia tokony hody any an-trano hanampy ny reninareo hanasa lovia. Tsy misy raharaha ho anareo eo amin'ny sehatra raha tsy feno ny Fanahy Masina ianareo sy mitory ny tena Filazantsara marina amin'ny fampisehoana ny herin'ny Fanahy Masina. Raha tsy hitanareo ny valiny nolazain'i Jesosy fa ho hitanareo, dia satria tsy Filazantsara marina no torianareo.

Mamelà ahy handeha lavidavitra kokoa ary hampiseho aminareo ny fomba fandehan'ny asa eo amin'ny sahan'ny misiona. Tsy milaza aho hoe izany rehetra izany, fa mino aho fa ny ankamaroany. Izany raha mbola teo amin'io fandehanana io ihany aho ary nanodidina an'i Durban niaraka tamin'ny ben'ny tanàna ary nahitako teratany misy marika manodidina ny vozony, sady nampirina sampy maromaro. Nanontaniako ny namako hoe inona no dikan'io marika io, dia hoy izy hoe, rehefa lasa Kristianina ny teratany dia asian'izy ireo marika. Azo antoka fa nanaitra ahy izany, satria eto dia misy lehilahy miantso ny tenany ho Kristianina, ary mitondra sampy, ka nanontany aho ny antony mahatonga izany. Hoy izy: "Afaka miteny ny fiteniny aho. Andeha isika hiresaka aminy."

Dia nankeo izahay, ary ny Ben'ny tanàna nanao ny fandikan-teny. Nanontaniako ilay teratany raha Kristiana izy. Izy nanamafy fa tena Kristianina tokoa izy. Avy eo dia nanontaniako ny antony nitondrany sampy, raha Kristianina izy. Namaly izy fa ny sampy fitondran'ny rainy io ary navelany taminy. Rehefa nilaza taminy aho fa tsy misy Kristianina tokony hitondra sampy, novaliany fa zava-dehibe tamin'ny rainy io sampy io. Dia liana aho ny hahafantatra

ny amin’izany, ary nilaza izy fa ny rainy indray andro dia narahin’ny liona, noho izany dia nandrehitra afo izy ary noresahiny ilay sampy arak’izay nampianarin’ny ombiasy azy. Lasa ilay liona. Nolazaiko izy fa ny afo no nampiala ilay liona satria ny afo mampatahotra ny bibidia rehetra. Tsy hohadinoiko mihitsy ny valiny nataony. Hoy izy hoe: "Eny, dia toy izany, raha levona Amoyah (ny Fanahy), ity sampy ity tsia." (Ny fintantarana amin’ny antsipirihany ny fandehanana tany Afrikana dia azo vakiana ao amin'ny boky, "Namangy an’i Afrika ny Mpaminany.") Tahaka izany no marina momba ny hery nananan’ny vahoaka Kristianina, satria ny Teny tsy nentina tamin’izy ireo tamin’ny alalan’ny varavarana misokatry ny Pentekosta tany am-piandohana.

Miverina indray amin’ny varavarana misokatry ny asa fitoriana tamin’ny vanim-potoana Filadefia. Tsy nanana varavarana misokatra amin-kery izy, kanefa tokony nananany izany. Mariho fa ao amin'io andininy io ihany no hiresahany momba ity varavarana misokatra ity. Hoy izy: "Kely ny herinao". Marina izany. Ilay HERY n’ny Fanahy dia tsy hita tamin'izany vanim-potoana izany. Ny Teny dia notoriana tsara. Tena afaka mampahendry fanahy ho amin'ny famonjena. Fa ilay herin'Andriamanitra lehibe izay mamoaka ny asa lehibe maheriny, izay nampiseho ny Sandriny amin'ny maha Izy azy dia tsy hita afa-tsy teny amin'ireo vondrona vitsy niparitaka. Na izany aza, deraina Andriamanitra, fa nitombo izany tamin’izay nananany tao amin’ny Fanavaozana Protestanta.

Tamin'io vanim-potoana io ilay lehilahy nantsointsika hoe rain’ny misiona no lasa nivoaka. William Carey, mpanao kiraro eny an-tanana, izay pastoran’ny Particular Batist Church tao Moulton, Angletera, nanentana ny olona mafy tamin'ny alalan'ny fitoriana, "na ny baiko nomena ny Apôstôly mba hampianatra ny firenena rehetra dia tsy voatery natao tamin’ireo fanompoana rehetra nifandimby hatrany amin'ny faran'ny tany, ary ny fahitana fa ny fampanantenana nanaraka dia mitovy." Niadian’ny Kalvinista izy, izay efa lasa lavitra tamin’ny foto-pampianarana momba ny fifidianana , ary mino fa izay rehetra ho voavonjy DIA HO voavonjy ary ny asa fitoriana ny filazantsara dia manohitra ny asan 'ny Fanahy. Fa Andrew Fuller nanampy an’i Mr. Carey tamin'ny fitoriana sy ny fanagonam-bola. Toy izany ny vokany ka niforona ny fikambanana mba hampiely ny Filazantsara amin'ny firenena rehetra, tamin'ny 1792. Izany fikambanana izany dia naniraka an’i Carey izay niharihary ny fitahin’Andriamanitra tamin’ny famonjena fanahy tany India. Tamin'ny 1795 dia nisy Kristianina nitsangana namorona ny London Missionary Society (Nisy nalefa tany Madagasikara ireo) izay fantatsika tsara fa an-tapitrisany ny vola voangony, ka nandefa misionera an'arivony nandritra ny taona maro mba hahatanteraka ny fanirian'ny ny Tompo. Ny Fanahin'Andriamanitra dia nihetsika ary "Ondry Hafa" no mety ho fitarainan'ireo mpino mafàna fo.

"Efa nataoko teo anoloanao ny varavarana mivoha." Te-hijery indray ireo teny ireo aho. Amin'ity indray mitoraka ity dia tsy hosarahiko amin'ny asa fitoriana izy ireo, hisarika ny sainareo izay mitondra lalina mankany amin’ny vanim-potoana farany. Araka izay efa efa voalazako, io vanim-potoana io dia miempo ao amin'ny vanim-potoana farany. Tamin'io

vanim-potoana io Jesosy no nanao hoe, "Avy faingana Aho" (andininy faha-11), ary amin’ny vanim-potoana farany Izy dia “hamita ny asa ka fotoana fohy no hanapahany azy amin'ny fahamarinana, satria fohy ny asa hataon’ny Tompo ety ambonin'ny tany. " Romana 9:28. Mariho ny fandehan’ io andininy ao amin'ny Apokalypsy 3:8 io -- "varavarana misokatra - hery kely, Teny, Anarana." Ny varavarana misokatra dia mifandray amin'izy telo ireo. Ary inona ary ny dikan’izany varavarana misokatra izany? Ao amin'ny Jaona 10:7, izao no voalaza: "Dia hoy indray Jesosy tamin’izy ireo,marina tokoa, lazaiko aminareo: IZAHO NO VAVAHADIN'ONDRY." Izany no marina: `IZAHO' NO ilay vavahadin'ondry. Ary izany dia tsy fitenenana tonga ho azy.Fa tena marina izany. Mariho ao amin'ny Jaona 10, rehefa nanome an’io ohatra io Jesosy, dia milaza ny Tenany ho ilay mpiandry ondry. Avy eo dia niantso ny Tenany ho ilay varavarana. Ary izany no maha mpiandry ondry amin'ny ondry. Izy marina ny varavaran’izy ireo.

Fony aho tany Atsinanana dia hitako fa amin'ny alina ny fotoana fanangonan’ny mpiandry ondry ny ondriny rehetra miaraka. Ataony ao amin'ny valan'ondry izy ireo. Avy eo izy ireo dia isainy. Ary rehefa azony antoka fa ao izy rehetra, dia mandry ao amin'ny varavaranan’ny vala misokatra izy ary ara-bakiteny dia lasa ny varavarana ho amin'ny vala. Tsy misy olona afaka miditra na mivoaka afa-tsy amin’ny alalany. Izy no varavarana. Ny ampitson'iny raha niaraka i nandeha nitaingina Jeep tamin'ny namana iray aho dia tsikaritro fa nisy mpiandry ondry nitarika ny ondriny tao an-tanàna. Avy hatrany dia tapaka ny fifamoivoizana rehetra mba handehanan’ny ondry. Ary ny tanàna any amin'ny Antsinanana dia tsy tahaka ny eto.Ny antsika ny entam-barotra rehetra ao anatiny; fa any, dia toy ny tsenan’ny tantsaha lehibe ary ny vokatra rehetra eny amoron-dalana mba ho hitan’ny mpandalo ahafahany mividy. Nieritreritra aho, “ Oh ny, eto no manomboka ny rotaka.Niandry mandra-pahitan’ireo ondry isakafo eo ireo." Fa raha nandeha mialoha ny mpiandry ondry, ireo ondry ireo dia nanaraka nandeha nahitsy tsara. Afaka nijery ireo zavatra rehetra ireo ry zareo kanefa tsy nikasika na dia iray aza. Oh, raha mba afaka nahalala ny firesahan-dry zareo aho, dia nanajanona ny fifamoivoizana ihany koa ny tenako, ary nitory teny tamin’izy ireo tamin’ny zavatra vao hitako.

Raha ianao ilay ondry an 'ny Mpiandry Ondry Lehibe, dia manaraka mahitsy tsara ny diany ianao, toy nataon’ireo ondry ireo. Tsy halaim-panahy ianao mba hivily amin’ny voninkazo lehibe sasany izay an’ny fiangonana, na nihaino ny feon'ny D.D. na Ph.D. na L.L.D., fa hijanona amin'ny Mpiandry ondry ianao.Ny Baiboly dia milaza fa ny ondry mahalala ny feony ary izy ireo dia manaraka Azy, fa ny feon’olon-kafa dia hahatonga azy ireo handositra, ary hihazakazaka hanaraka ny tena Mpiandry Ondry izy ireo. Miderà an'Andriamanitra.

Fa tsy izany ihany ny hitako sy nianarako tany. Indray andro aho nieritreritra ny nahita olona teny an-tsaha niandry karazana biby fiompy. Ny iray niandry kisoa, ny sasany osy, ny sasany rameva, ny sasany ampondra, sns.. Dia nanontany namana iray nonina teo aho, izay fomba niantsoiny ireo olona ireo. "Oh ," hoy izy namaly hoe: "izy ireo no mpiandry ondry." Tsy azoko izany. Hoy aho hoe: "Tsy milaza ianao hoe mpiandry ondry akory izy REHETRA. Ny

mpiandry ondry dia ondry ihany no andrasany, tsy izany?" "Tsia," hoy izy, "ny mpiandry ondry dia mpiandry na mpanome vilina, ka na iza na iza manome ahitra biby dia mpiandry ondry."

Teo dia, nahahagaga ahy izany. Fa nahita fahasamihafàna aho teo amin'ireo mpiompy sy ireo izay nikarakara ondry.Tonga ny alina, ny rehetra afa-tsy ny mpiandry ondry dia namela ny bibiny teny an-tsaha, ary nandeha nody. Ary ny mpiandry ondry nitondra ny ondriny niaraka taminy, ka nataony ao amin'ny vala ary avy eo dia nandry ka lasa vavahadin'ondry. Oh, deraina Andriamanitra, ny Mpiandry Ondrintsika tsy mamela antsika, na mahafoy antsika. Rehefa tonga ny alina dia te ho ao am-balany aho.Te ho karakarainy aho.

Koa ankehitriny, dia afaka mahita isika fa JESOSY NO ILAY VARAVARANA. Izy no vavahadin'ondry. Ary jereonareo fa eto izao dia miresaka ny FANOKAFANA NY VARAVARANA. Inona izany fa tsy ny fanambaràna Azy? Ary izany fanambaràna izany dia misokatra mba hanome Hery antsika, mba hanazava ny Teny ary hanome voninahitra ny Anarany. Izany dia tao ampovoan'ny vanim-potoana roa farany, dia ny Fanambaràna ny maha-Andriamanitra an'i Jesosy Kristy nivelatra teo anoloantsika. Eny, fantantsika fa Andriamanitra Izy.Ahoana koa no maha Mpamonjy antsika Azy? Dia ny fahalalàna fa Izy no ANDRIAMANITRA TOKANA NA ANDRIAMANITRA IRERY IHANY, fa Izy no Alfa sy Omega, noho izany "Jesosy dia SADY TOMPO NO KRISTY-MAHATONGA AZY JESOSY KRISTY TOMPO, NY RAY, NY ZANAKA SY NY FANAHY MASINA, IZY REHETRA OLONA IRAY - izany dia efa very hatramin'ny vanim-potoanan'ny fiangonana voalohany, fa ankehitriny isika dia mahita Azy indray. Ny fanambaràna ny hoe IZA IZY dia niverina. Ny momban'Andriamanitra tokoa dia tsy ny olona telo Andriamanitra ao amin'ny maha-olona iray, fa ilaina ny maha-olona mba hahatongavana ho olona. Raha misy ny maha-olona IRAY, dia olona iray ihany. Fa ireo izay mino olona telo dia manana momban'Andriamanitra, andriamanitra telo, noho izany dia meloka amin'ny fandikana ny didy voalohany.

Fa ny fanambaràna ny fomban'Andriamanitra niverina indray. Ary ny fiangonana marina dia afaka manorina amin'ny hery indray.Taorian'izay fotoana rehetra izay dia fantany ihany hoe Iza ny Tompony. Averina indray fa isika dia MANAO BATISA AMIN'NY ANARAN'NY JESOSY TOMPO tahaka izay nataon'ireo tamin'ny Pentekosta.

Mamelà ahy hitantara aminareo ny nofy nomen'Andriamanitra ahy momban'ny batisa telo izay iray.Tsy fahitàna ilay izy, fa nofy. Fantatrareo, azoko antoka, fa ny iray amin'ireo fitahina tao amin'ny vanim-potoanan'ny fiangonana dia ny fandraisana nofy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, mitovy amin'ny olona afaka mandray fahitàna. Izany dia tokony ho tamin'ny 3 ora maraina tamin'ny Asabotsy maraina. Vao avy nifoha aho nanome rano an'i Josefa. Rehefa nandry aho dia rendremana ary avy hatrany dia nanofy ity nofy ity aho.Nahita lehilahy aho izay noheveriko fa ny raiko. Izy dia olona vaventy lehibe. Nahita vehivavy koa aho izay noheveriko fa ny reniko, nefa izy tsy nitovy taminy, eny fa na ilay lehilahy aza dia tsy nitovy tamin'ny raiko. Ity lehilahy ity dia tena nasiaka tamin' ny vadiny. Nanana hazo lehibe iray izy ary telo ny zorony. Fantatrao rehefa maka

hazo iray, dia vakiana amin’ny famaky, dia lasa misy zorony telo tahaka ny kitay. Toy izany.Alainy io hazo io ary hivelesany azy, ary torana izy.

Rehefa nianjera ravehivavy dia nitomany, ary ralehilahy nandeha nanodidina, ny tratrany mibontsina, ny tarehiny toa miavonavona, mpandoka tena ny fijery azy ka toa nihevitra izy fa rehereha be sy ny fahafaham-po ny nidarohana ilay ramatoa mahantra kely. Isaky ny miezaka hiarina ilay ramatoa dia novelesiny. Tsy tiako ny nataony, fa raha nihevitra ny hanakana azy aho, dia hoy aho: " Tsy afaka ny hanazera ity lehilahy ity aho- - lehibe loatra izy. Kanefa izy dia tokony ho raiko. " Fa tao anatiko dia fantatro fa tsy ny raiko izy, ary fantatro fa tsy misy olona manana zo hanao vehivavy tahaka izany.Nankeo aho ka nandray azy tamin’ny vozon'akanjony ary nanodina azy sady nanao hoe: " Tsy manana zo hamely azy ianao. " Ary rehefa nilaza aho dia nitombo ny hozatro ary tahaka ny lehilahy mahery ny fijery ahy. Hitan’ilay lehilahy izany ary natahotra ahy izy. Hoy aho hoe: "Kasihonao indray mandeha izy dia izaho sy ianao no mifampitàna." Nisalasala izy ny hamely azy indray, ary avy eo dia nandao ahy ilay nofy.

Nifoha avy hatrany aho taorian'ilay nofy. Nieritreritra aho hoe, toa hafahafa izany. Nanontany tena aho hoe nahoana aho no nanofy momba io vehivavy io, raha tampoka teo dia tonga Izy, ary ny fanatrehan'Andriamanitra dia teo amiko ary ny hevitry ny nofy dia avy Aminy. (Ankehitriny ianareo mahalala fa tsy ny nofinareo ihany no nadikako, ary tena marina, fa efa nilaza taminareo matetika aho, nilaza taminareo aho izay nofinareo ka tsy voatery tsy maintsy hilaza izany amiko ianareo.) Ilay vehivavy dia maneho ny Fiangonana eo amin’izao tontolo izao ankehitriny. Teraka tao amin'ity korontana ity aho - ilay korontana nisy azy. Izy dia tokony ho karazana reny (izy no renin 'ny mpijangajanga). Ny vadiny dia ny anaram-piangonana izay mifehy azy. Ny hazo telo zoro dia ny batisa amin’ny anarana telo izay ao amin’ny telo izay iray. Isaky ny mitady hiarina izy (Izany hoe ny fiangonana manomboka manaiky ny fahamarinana) dia darohany hidina indray amin’ny fampianaran-diso. Tena lehibe izy ka natahotra azy aho tamin'ny voalohany, fa rehefa tonga hamely azy aho dia hitako fa nanana hozatra matanjaka aho. Ireo ny HOZATRY NY FINOANA. Ny vokatry ny nofy dia hoe, "Koa satria Andriamanitra no momba ahy, ka afaka manome ahy hery toy izany, dia aoka aho hitsangana hanohitra ny herin’ny anaram-piangonanan 'izao tontolo izao nohon’ny aminy, ary hanakana azy tsy hamely azy intsony."

Ny fitoriana ny Teny dia tsy tena nisongadina. Satria Satana nanangana ny tafiny dia ireo mpandinika malalaka, toy ny mpamorona ny kominisma dia nitsangana, toy ny teolojiana liberaly nanaparitaka ny hevitra malotony, Andriamanitra nanangana lehilahy mahery ny finoana, sy ny asa Kristiana vita an-tsoratra lehibe indrindra kristianina, sy ny fampianarana, ny fitoriana dia tonga avy tamin’io vanim-potoana io. Tsy azo nampitahana na oviana na oviana ny mpitory sy mpampianatra tao ary na oviana na oviana. Ny Spurgeons, Parkers , McClarens, ny Edwards, Bunyans, Meullers, Brainards, Barnes, Eveka, izy rehetra dia tonga avy tamin’ izany vanim-potoana izany. Nitory izy ireo, nampianatra sy nanoratra ny Teny. Nankalaza ny Anarany izy ireo.

NY FITSARANA NY JIOSY SANDOKA

Apokalypsy 3:9. *"Indro, Izaho hahatonga azy ireo ao amin'ny synagogan'i Satana, izay milaza ny tenany ho Jiosy, kanjo tsy izy, fa mandainga; indro, hataoko tonga hiankohoka eo anoloan'ny tongotrao ireo, ka ho fantany fa Izaho efa tia anao."* Ankehitriny isika dia afaka mahita avy hatrany fa io olana momba ny Jiosy sandoka io na mpino sandoka dia efa nisy tao anatin'ny vanim-potoana faharoa. Ireo izay milaza amim-pandaingana fa hoe Jiosy ny tenany dia niseho taorian'ny fivoahan'ny taom-piangonana voalohany, ary ankehitriny dia miseho indray eo amin'ny vanim-potoana taorian'ny fanavaozana. Izany dia saika tena loza. Eny tokoa, fa tsy tena loza. Izy io dia fomban'i Satana. Izany foto-kevitra izany dia ny mandamina sy milaza ny fiaviana ka noho izany dia mendrika ny hahazo zo manokana sy ny tombontsoany. Mamelà ahy haneho aminareo. Tany amin'ny vanim-potoana Smyrna dia nandainga ireo olona ireo ka nanao hoe Jiosy izahay (na mpino) kanefa tena tsy izy. Izy ireo dia avy amin'ny synagogan'i Satana. Izy ireo dia vahoka voalamin'i Satana, fa tamin'io vanim-potoana io isika no nahita ny fanombohan'ny lehilahy eny amin'ny fanompoana nanao ny fitarihana tsy azo antoka tamin'ny ny fanompoam-pivavahana teo amin'ny rahalahiny. (Ny Eveka natsangana tao amin'ny distrika, teo ambonin'ny loholona). Ny zavatra manaraka hitantsika dia tamin'ny taona fahatelo dia tena nisy toerana iray antsoina hoe "Toeran'i Satana". Io taona io dia nanome antsika ny fanambadian'ny fiangonana sy ny fanjakana. Avy amin'ny herin 'ny fanjakana taoriany, ny fiangonana amin'ny endriny ara-bakiteny dia tsy azo resena. Fa Andriamanitra nanapaka izany fatorana izany na dia eo aza ny herin'ny fanjakana ary ny fanavaozana nitondra mazava lehibe. Inona anefa no nitranga? Ny Loterana nandamina, ary niaraka tamin'ny fanjakana dia hitantsika indray ny sinagogan'i Satana niseho tamin'io taona fahenina io. Ary mazava ho azy fa io vondrona synagoga io dia tsy hilaza fa an'i Satana. Tsia tompoko . Hoy izy ireo avy amin'Andriamanitra izahay. Fa mandainga izy ireo. Fa izay tena Jiosy (izay nolazain'izy ireo fa izany izy) dia ilay iray izay Jiosy ao anatiny -- ao amin'ny Fanahy. Koa raha Jiosy sandoka izy ireo dia midika izany fa izy ireo dia tahaka ny ao amin'ny Joda 19 manao hoe: "TSY manana ny Fanahy". Ny zanak'Andriamanitra dia nateraky ny Fanahy. Ireo tsy manana ny Fanahy, noho izany dia TSY zanak'Andriamanitra na dia mafy aza ny fanoherany sy ny habetsahan'ny fanaporofoany fa Jiosy izy ireo. Izy ireo dia MATY. Zanaky ny fandaminana izy ireo, ary ny voa tena marina dia tsy ao. Miorina amin'ny fanekem-pinoana, foto-pinoana sy ny fotopampianarana izy ireo, ary ny marina tsy ao aminy, satria efa naka ny fisainan'ny tenany mihoatra noho ny Tenin'Andriamanitra.

Mamelà ahy haneho aminareo izay niezahako nampianarina teny ampandehanana momba ny voaloboka roa, izay tonga avy amin'ny fanahy roa samihafa. Raiso ny ohatr'i Jesosy sy Jodasy amin'ity indray mitoraka ity. Jesosy dia Zanak'Andriamanitra. Jodasy dia ilay zanaky ny fahaverezana. Andriamanitra niditra tao anatin'i Jesosy. Satana niditra tao anatin'i Jodasy. Jesosy nanao asa fanompoana feno ny Fanahy Masina" Endre izany nanosoran' Andriamanitra an'i Jesosy avy any Nazareta tamin'ny Fanahy Masina sy ny hery: "nandehandeha nanao soa sy nahasitrana izay rehetra azon'ny herin'ny devoly, satria

Andriamanitra nomba Azy," Asan'ny Apostoly 10:38. Izao no voalaza: "Fa izy (Jodasy) dia teo aminsika ihany ka nahazo ANJARA tamin'izao fanompoana izao," Asan'ny Apostoly 1:17. Matio 10:1, "Ary rehefa nantsoiny hanatona Azy ny mpianany roa ambin'ny folo lahy, dia nanome azy hery hanoherana fanahy maloto Izy, handroaka azy ireo, sy hahasitrana ny aretina isan-karazany."

Izany fanahy tao anatin'i Jodasy izany dia nandeha niaraka tamin'ny asa fanompoana nataon'i Jesosy. Ary izy roa dia samy tonga teo amin'ny hazo fijaliana. Jesosy dia nahantona tamin'ny hazo fijaliana, faly nanome ny Ainy ho an'ny mpanota ka nidera ny Fanahiny tao amin'Andriamanitra. Ny Fanahiny dia lasa tany amin'Andriamanitra, ary avy eo dia naidina ho eo amin'ny fiangonana tamin'ny Pentekosta. Fa Jodasy nananto-tena ary ny fanahiny niverina tany amin'i Satana, ary rehefa afaka ny Pentekosta io fanahy tao amin'i Jodasy io dia niverina tao amin'ny tsy tena voaloboka izay mitombo tsara miaraka tamin'ny tena voaloboka. Mariho anefa, fa ny fanahin'i Jodasy dia tsy tonga tao amin'ny Pentekosta. Tsy tafakatra tany mihintsy io mba handray ny Fanahy Masina. Tsy afaka izy. Fa inona no nandehanan'ny fanahin'i Jodasy? Lasa tany amin'ny kitapom-bolamena. Izany fitiavany vola ! Mbola tia vola io.

Raha mahakasika ny amin'ny Anaran'i Jesosy manao zava-mahery sy ny fihazonana fivoriana lehibe,dia mbola mahazo vola bebe kokoa sy trano izy, sy fanabeazana (education) ary ny zava-drehetra amin'ny hevitra ara-nofo. Jereo fotsiny ny fanahy izay eo aminy, ary aza mety ho fitahana. Jodasy nandehandeha toy ny anankiray amin'ny roa ambin'ny folo lahy ary nanao fahagagana koa. Nefa TSY manana ny Fanahin'Andriamanitra tao aminy. Nataony ny asa fanompoana. Tsy tonga tao amin'ny Pentekosta izy satria voa tsy marina. Tsy tena zanak'Andriamanitra izy. Tsia tompoko. Ary dia toy izany ihany amin'izao fotoana izao eo amin'ny synagogan'i Satana. Aza mety ho voafitaka. Tsy ho voafitaka ianao raha tena olom-boafidy. Jesosy nilaza fa tsy ho voafitaka ianao. Eny ireo namana ireo milaza fa izy ireo no tena Kristianina, kanefa tsy izy.

"Indro, hataoko tonga hiankohoka eo anoloan'ny tongotrao ireo, ka ho fantany fa Izaho efa tia anao." 1 Korintiana 6:2: "Sa tsy fantatrareo fa ny olona masina dia hitsara izao tontolo izao?" Tsy vitan'ny hoe hisy Apostoly roa ambin'ny folo amin'ny seza fiandrianana roa ambin'ny folo hitsara ny firenen'Isiraely roa ambin'ny folo, fa ny olona masina koa dia hitsara izao tontolo izao. Izany dia rehefa tena hitan'ireo izay milaza fa an'Andriamanitra izy ireo ary milaza fa tia azy Andriamanitra, ny tena zanak'Andriamanitra sy izay tian'ny Zanaka. Eny, ho avy izany andro izany, rehefa haseho izany zavatra izany. Ireo izay efa manjaka amin'izao tontolo izao, mandritra ny vanim-potoana farany dia hanao sary ho an'ny bibidia izay tena hifehezany izao tontolo izao, indray andro any dia ahetry rehefa tonga miaraka amin'ny olo-masina i Jesosy mba hitsara izao tontolo izao amin'ny fahamarinana. Izany indrindra no hitantsika ao amin'ny Matio 25, rehefa ireo "rehetra" izay tsy manana anjara amin'ny fitsanganana amin'ny maty voalohany, dia hitoetra eo anatrehan'ny Mpitsara sy ny Ampakariny.

NY FANDOKAFANA SY NY FAMPANANTENANA

Apokalypsy 3:10: *"Satria efa nitandrina ny tenin'ny Faharetako ianao, Izaho kosa hiaro anao amin'ny oran'ny fakam-panahy, izay ho tonga amin'izao tontolo izao ho fizahan-toetra ireo izay monina ambonin'ny tany."*

Inona no tiany holazaina amin'ny "tenin'ny Faharetany?" Hebreo 6 : 13-15. "Fa Andriamanitra nanao teny fikasana tamin'i Abrahama ary satria Izy tsy afaka nianiana amin'ny lehibe kokoa, dia nianiana tamin'ny tenany Izy, ka nanao hoe: Azo antoka fa fitahina no hitahiako anao, ary fampitomboana no hampitomboako anao. Ary araka izany, rehefa naharitra tsara Abrahama, dia nahazo ny fampanantena." Hitanareo ny Fanahy dia miresaka momba ny Tenin'Andriamanitra, izay nomena ho antsika. Ny fiandrasana ny fahatanterahan'ny Teny dia mila faharetana tahaka ny tamin'i Abrahama. Niaritra izy toy ny mahita Izay tsy hita. Nanam-paharetana izy ary avy eo dia tanteraka ny Teny tamin'ny farany. Izany no fomba hampianaran'Andriamanitra faharetana ny olony. Nahoana, raha toa ka tanterahiny ny Teniny eo amin'ny fisehoana ara-batana raha eo am-pivavahana iny ianao, dia tsy ho fantatrao ny atao hoe faharetana, fa ho lasa tsy manam-paharetana kokoa amin'ny fiainana. Mamelà ahy haneho anareo izany fahamarinana izany bebe kokoa. Hebreo 11:17, "Finoana no naneken'i Abrahama, raha nozahan-toetra izy, nanolotra an'i Isaka; ary ilay efa nandray ny teny fikasana (ny Tenin'Andriamanitra) dia nanolotra ny Zanany lahitokana." Izay ilay izy: Abrahama dia nozahan-toetra TAORIAN'ny nandraisany ny Teny Fampanantenana. Maro ny mihevitra fa raha vao mivavaka amin'ny Anaran'i Jesosy isika amin' ny teny fikasan'Andriamanitra dia tsy hisy fizahan-toetra. Nefa eto dia milaza fa nozahan-toetra i Abrahama rehefa nahazo ny teny fikasana. Izany dia tena marina araka ny voalazan'ny Mpanao Salamo manondro an'i Josefa, 105:19, "Mandra-pahatongan'ny fotoana hahatanterahan'ny teniny; ny Tenin'ny Tompo nizaha toetra azy." Andriamanitra dia manome antsika teny fikasana lehibe sady soa. Nampanantena antsika ny hahatanteraka azy ireo Izy. Ho ataony izany. Fa hatramin'ny fotoana hivavahantsika mandra-pahatongan'ny fotoana ahazoana ny valiny dia tsy maintsy mianatra mandray faharetana eo amin'ny fanahintsika satria amin'ny faharetana ihany no hananantsika fiainana. Andriamanitra anie hanampy antsika hianatra ity lesona ity araka ny efa fantatsika fa ny olon' ity taona fahenina ity dia nianatra faharetana. Novakiantsika ny tantaran'ny fiainan'ny ireo Kristianina lehibe ireo; inona ny zavatra hitantsika eo amin'ny fiainany sy ny antsika noho izy ireo nanam-paharetana sy nandry fahizay toy izany, kanefa ankehitriny isika dia resin'ny tsy fananana faharetana sy fahamaikana.

Dia nanohy nilaza izy hoe: "Satria efa naka ny Teniko ianareo sy niaina izany, ary lasa nanam-paharetana, hiaro anao Aho amin'ny oran'ny fakam-panahy izay ny ho tonga amin'izao tontolo izao ho fizahan-toetra izay monina ambonin'ny tany." Ary hitantsika eto indray ny fifanindrin'ny vanim-potoana roa; fa izany fampanantenana izany dia mahakasika ny fotoana hiafaran'ny Jentilisa izay tonga amin'ny fara tampony amin'ny fahoriana lehibe.

"Izaho hiaro anao amin'ny andro fakam-panahy, izay ho tonga amin'izao tontolo izao ho fizahan-toetra izay monina ambonin'ny tany." Io andininy io tsy ny fanambarana fa ny fiangonana marina no hiditra any, amin'ny alalan'ny fahoriana. Raha izany marina no dikany, saingy izao no voalaza: "Izaho dia hiaro anao ho voavonjy amin'ny andron'ny fakam-panahy." Izany fakam-panahy izany dia toy ny fakam-panahy tany Edena. Ho tena hevitra mahasarika mitsangana hanohitra ny Teny nadidin'Andriamanitra, kanefa amin'ny fisainana olombelona izany dia ho tena tsara, ka manazava sy manome fiainana hanadalana an'izao tontolo izao. Ny tena olom-boafidy ihany no tsy ho voafitaka. Ny fakam-panahy dia ho tonga toy izao manaraka izao.

Ny hetsika ekiomenisma hetsika izay nanomboka tamin'ny zavatra toa tena tsara sy fitsipika voatahy (manantanteraka ny vavaka nataon'i Kristy mba ho iray isika) lasa ka matanjaka ara-politika ka mijoro ho fanerena teo amin'ny governemanta mba hahatonga ny rehetra hiaraka aminy mivantana na amin'ny alalan'ny fankatoavana fitsipika navoaka ho lalàna mba tsy hisy ho ekena ho tena fiangonana raha tsy eo ambanin'ny fiadidin'ny filankeviny mivantana. Ny vondrona kely dia very sata, tombontsoa, sns, ary very hatramin'ny fananana sy ny ara-panahy rehetra teo amin'ny olona. Ohatra, amin'izao fotoana izao raha tsy amin'ny ankasitrahan'ny fanompoana amin'ny tanana maro ao an-toerana, na ny ankamaroan'ny tanàna mihintsy, dia tsy misy afaka manofa ny trano ho an'ny fotoam-pivavahana ny olona iray. Mba ho mpitondra fivavahana ao amin'ny tafika, hopitaly, sns, amin'izao dia tsy maintsy fantatra sy eken'ny vondrona iraisam-pinoana trinitera. Rehefa mitombo io fanaporetana io, ary tsy maintsy, dia ho sarotra ny hanohitra, satria ny fanoherana dia midika fahaverezana tombontsoa. Ary maro no halaim-panahy hanaraka, satria izy ireo dia hahatsapa fa tsara kokoa ny manompo an'Andriamanitra ampahibemaso eo amin'ny sehatr'ity fikambanana ity noho ny tsy hanompo an'Andriamanitra ampahibemaso mihintsy. Kanefa diso izy ireo. Ny finoana ny laingan'ny devoly dia ny fanompoana an'i Satana, na dia azonao atao aza ny miantso azy hoe Jehovah. Fa ny olom-boafidy dia tsy ho voafitaka.

Ankoatra izany, ny olom-boafidy dia tsy ho arovana ihany, fa raha vao lasa SARY NAORINA HO AN'ILAY BIBIDIA io hetsika io, ny olo-masina hisy dia handeha amin'ny fisandratana. Ary io hetsika kely mahafinaritra, mahasarika io izay nanomboka avy amin'ny fiarahana tany Efesosy dia lasa dragon'i Satana izay mandoto sy mamitaka izao tontolo izao. Fa ny rafitra ny fiangonana Katolika sy ny Protestanta miaradia no hifehy ny haren'ny rafitry tany manontolo rehetra sy hanery ny tany manontolo hiditra amin'ny fandrika ara-pivavahany, na hamono azy ireo, amin'ny tsy fanomezana azy ireo ny tombontsoa ny fividianana sy ny fivarotana mba hivelomany. Izany dia ho tanteraka mora foana, fa ny zanaka vavy nilay vehivavy janga rehetra dia lasa nody any aminy. Mandra-pahatongan'izany, saika efa azon'i Roma ny avokoa ny famatsiana volamena rehetra. Ny Jiosy dia manana ny fatorana sy ny taratasy rehetra. Amin'ny fotoana mety, ilay vehivavy janga dia handringana ny vola amin'ity tontolo ity amin'ny fiantsoana ny taratasy rehetra, ary mitaky ny volamena. Raha tsy misy volamena, dia tsy mahaomby ilay rafitra. Ny Jiosy ho voafandrika ka andeha ho any amin'ny fanekena, ary ny fiangonana janga hifehy izao tontolo izao.

NY TENY FIKASANA HO AN'NY AZY

Ny Apokalypsy 3:11-12: *"Indro, avy faingana Aho; tano mafy izay anananao, mba tsy hisy haka ny satro-boninahitrao. Izay maharesy no hataoko andry eo amin'ny tempolin'Andriamanitro, ary tsy handeha hivoaka intsony izy; ary hosoratako eo aminy ny Anaran'ny Andriamanitro, ary ny anaran'ny tanàn'ny Andriamanitro, dia i Jerosalema vaovao, izay midina avy any an-danitra avy amin'ny Andriamanitro; hosoratako eo aminy ny Anarako Vaovao."* Tsy mila resahintsika ny fahatongavany amin'ny fieritreretana fa ho avy faingana Izy. Fantatsika fa Izy no Izy satria ao amin'ny faran'ny andro farany isika, sa tsy izany? fa nanohy ny teniny Izy hoe: "Fikiro mafy izay anananao, mba tsy hisy haka ny satroboninahitrao."

Eo afovoan'ny andro mahaory lehibe Jesosy no tonga. Ary amin'ny fiaviany dia misy ny fitsanganana amin'ny maty. Maro no hivoaka avy amin'ny vovoka, ary hitsangana hiaraka amin'ny ireo izay mbola velona miandry ny fiverenany. Ary ireo dia homena satro-boninahitra. Nahoana? Satria izy ireo zanak'Andriamanitra. Izy ireo dia mpanjaka miaraka Aminy. Manjaka miaraka aminy izy ireo. Izany no dikan' ilay satro-boninahitra-- hifehy sy hiara-manjaka amin'ilay Mpanjaka Lehibe, Izy Tenany. Izany no fampanantenana ho an'ireo rehetra izay mijaly niaraka taminy tety an-tany - ireo rehetra izay niaritra tamim-paharetana ny fahafantarana fa Andriamanitra, ilay Mpitsara marina dia hamaly soa azy ireo. Ireo izay nahafoy ny rehetra ho Azy sy nametraka ny zavatra rehetra teo Aminy dia hipetraka eo ambonin'ny seza Fiandrianany, ary handray anjara amin'ny fanjakan'ny voninahiny.

Oh, Manana teny ho antsika rehetra amin'izao fotoana izao. Izany dia mihazona mafy-Mahareta. Aza kivy. Tafio avokoa ny fiadian'Andriamanitra rehetra - ampiasao ny fitaovam-piadiana rehetra izay nomeny antsika - ampiasao ny fanomezam-pahasoavana rehetra ananantsika ary mijere any aloha amin'ny fifaliana, satria isikaIzy ilay Mpanjakan'ny Mpanjaka sy Tompon'ny Tompo no hanome satroboninahitra antsika. Fa Izy tsy mba manome satroboninahitra ihany fa nilaza izy fa ireo ao amin'ny ampakarina dia ho andry ao amin'ny tempolin'Andriamanitra. Inona anefa no tempolin'Andriamanitra? Jesosy nampitaha ny vatany ho toy ny tempoly. Izany io. Dia ny tempolin'Andriamanitra. Fa ankehitriny isika dia ny Tenany, ny Fiangonana marina dia ny tempoly'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Fanahy Masina ao amintsika. Ary izy dia hanao ny mpandresy ho andry eo amin'izany tempoly izany. Fa inona no andry? Ny andry raha ny marina dia anisan'ny fototra satria izy no mihazona ny rafitra. Derao Andriamanitra, izay mametraka ny mpandresy eo amin'ny Apostoly sy ny mpaminany, satria voalaza ao amin'ny Efesianina 2:19-22, "Koa ianareo dia tsy mba vahiny sy mpivahiny intsony, fa mpiray fanjakana amin'ny olona masina ao amin'ny ankohonan'Andriamanitra; Ary najoro teo ambonin'ny fanorenan'ny Apostoly sy ny mpaminany, ary Kristy Jesosy Tenany no vato fehizoro; Izay amin'ny alalany, ny trano rehetra dia tafakambana tsara mitombo ho tempoly masina ao amin'ny Tompo: Ao aminy koa ianareo no miaraka naorina ho fonenan'Andriamanitra amin'ny Fanahy." Eny, fa ny andininy faha- 22 milaza fa isika no miaraka naorina tamin'izy ireo. Ny zavatra rehetra dia mandeha

amin’ny alalan'ny VARAVARANA (Jesosy), ary dia anisan'ny izany vatana izany na ny tempoly. Ary rehefa mametraka olona ao amin'ny tempoly Andriamanitra ho andry, ary mahatonga azy ho anisan'ny mpanohana ny fototr’izany vondrona izany, dia inona no ataony? Izy no manome azy ny fanambarana ny amin’ny Teny sy ny Tenany, satria izany mihitsy ny nanan’ny apôstôly sy ny mpaminany. Matio 16:17. Izy dia ao amin’ny Teny. Mitsangana ao izy. Tsy misy olona mahafaka azy ao.

Saintsaino izany teny izany, "maharesy". Jaona nanontany ny fanontaniana hoe: "Iza moa no maharesy?" ary ny valiny tsara dia tonga, "Izay mino fa Jesosy no Kristy." Tsy milaza izy fa ny mpandresy dia izay mino: ‘i' Jesosy sy ny`i' Kristy, fa mino fa i JESOSY NO KRISTY - olona IRAY- tsy roa. Izy no ilay iray izay natao batisa tamin'ny anaran'ny Jesosy Kristy Tompo.

Andriamanitra dia miresaka momba ny ampakarina eto. Tianao ve ny hahita sary hafa momba azy? Izany dia ny ao amin'ny Apokalypsy 7: 4-17, "Ary nahare ny isan'ireo izay voaisy tombo-kase aho; ary nisy voaisy tombo-kase 144000 ny firenena rehetra amin'ny Zanak'Isiraely. Avy tamin'ny firenen'i Joda dia 12000 no nasiana tombokase. Avy tamin'ny firenen'i Robena 12000 voaisy tombo-kase. Avy tamin'ny firenen'i Gada 12000 voaisy tombo-kase. Avy tamin'ny firenen'i Asera 12000 voaisy tombo-kase. Avy tamin'ny firenen'i Naftaly 12000 voaisy tombo-kase. Avy tamin'ny firenen'i Manase 12000 voaisy tombo-kase. Avy tamin'ny firenen'i Simeona 12000 voaisy tombo-kase. Avy tamin'ny firenen'i Levy 12000 voaisy tombo-kase. Avy tamin'ny firenen'i Isakara 12000 voaisy tombo-kase. Avy tamin'ny firenen'i Zebolona 12000 voaisy tombo-kase.

Avy tamin'ny firenen'i Josefa 12000 voaisy tombo-kase. Avy tamin'ny firenen'i Benjamina 12000 no voaisy tombo-kase. Rehefa afaka izany dia hitako fa, ary, indro, nisy vahoaka betsaka, izay tsy tambo isaina, avy tamin'ny firenena rehetra sy ny firazanana, sy olona ary ny samy hafa fiteny, nitsangana teo anoloan'ny seza fiandrianana, sy teo anatrehan'ny Zanak'ondry, niakanjo akanjo fotsy lava sady nihazona sampan-drofia teny an-tanany; ary niantso tamin'ny feo mahery, nanao hoe: Ny famonjena anie ho an'Andriamanitsika, Izay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana, sy ho an'ny Zanak'ondry. Ary ny anjely rehetra nitsangana manodidina ny seza fiandrianana, sy teo amin'ny loholona sy ny zava-manan'aina efatra, dia niankohoka teo anoloan'ny seza fiandrianana tamin'ny tarehiny, sady nivavaka tamin'Andriamanitra, nanao hoe: Amena, Voninahitra, Fahendrena, sy fisaorana, laza sy hery anie ho an'Andriamanitsika mandrakizay mandrakizay. Amen. Ary ny anankiray tamin'ny loholona namaly ka nanao tamiko hoe: Iza moa ireo miakanjo akanjo fotsy lava? Ary avy taiza izy ireo? Ary hoy izaho taminy: Tompoko, Hianao no mahalala. Ary hoy izy tamiko: Ireo no avy tamin'ny fahoriana lehibe, ary nanasa ny akanjony, sy namotsy izany tamin'ny ràn'ny Zanak'ondry.

Ary noho izany dia mitoetra eo anoloan'ny seza fiandrianan'Andriamanitra izy ireo ka manompo Azy andro aman'alina eo amin'ny tempoliny; ary Ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana dia honina eo aminy. Tsy ho noana intsony, na hangetaheta intsony; ary ny

masoandro tsy ho fahazavana eo aminy intsony, na ny hafanana. Fa ny Zanak'ondry Izay eo afovoan'ny seza fiandrianana no hamahana azy ireo ka hitondra azy ho amin'ny loharanon'ny rano velona; ary hofafan'Andriamanitra ny ranomaso rehetra amin'ny masony." Jesosy efa tonga. Efa voaisy tombo-kase ny 144.000 . Nakany 12.000 avy isam-pirenena.Fa misy vondrona iray hafa izay tsy amin'ity 144000 ity izay hita ao amin'ny andininy 9-18. Iza moa izy ireo? Ireo no ao amin'ny ampakarina nalaina avy amin'ny Jentilisa. Izy ireo dia eo anoloan'ny seza fiandrianany andro aman'alina.

Hanompo Azy izy ireo ao amin'ny tempoly. Izy ireo dia karakarain'ny Tompo manokana. Izy ireo no Ampakarina. Ny ampakarina mandeha na aiza na aiza alehan'ny Mpampakatra. Tsy hamela azy Izy. Izy tsy handao Azy izy. Hizara ny seza fiandrianana miaraka aminy Izy. Hosatrohina ny voninahiny sy fiandrianany izy. Ary hosoratako eo aminy ny anaran'ny Andriamanitro sy ny anaran'ny tanànan' ny Andriamanitro. Ary inona no anaran'ilay Andriamanitra? Eny, Izy no ilay Andriamanitra amintsika, na Imanoela, nefa izany tsy ny anarana nomena Azy. "Hataonao hoe Jesosy ny Anarany." Jesosy nanao hoe: "Tonga tamin'ny anaran'ny Raiko Aho, ary ianareo tsy nandray Ahy" Ary noho izany ny anaran'Andriamanitra dia JESOSY, satria izany no Anarana nahatongavany. Izy no JESOSY KRISTY TOMPO. Ary inona no anarana entin'ny vehivavy iray rehefa manambady izy? Mitondra ny anaran'ny vadiny izy. Ny Anarany no omena ny ampakarina rehefa handray azy ho eo Aminy Izy.

Apokalypsy 21:1-4. "Ary nahita lanitra vaovao sy tany vaovao aho; fa ny lanitra voalohany sy ny tany voalohany efa lasa, ka dia tsy misy intsony ny ranomasina. Ary izaho Jaona nahita ny tanàna masina, dia Jerosalema vaovao, nidina avy tany an-danitra, voaomana tahaka ny ampakarina mihaingo hihaona amin'ny vadiny. Ary nahare feo mahery avy tany an-danitra aho nanao hoe: Indro, ny tabernakelin'Andriamanitra dia eo amin'ny olona, ary Izy hitoetra eo aminy, ary ireo ho olony, ary Andriamanitra no hitoetra eo aminy, dia ho Andriamaniny. Ary hofafany ny ranomaso rehetra amin'ny masony; ary dia tsy hisy intsony fahafatesana, na alahelo, na fitarainana, na hisy intsony fanaintainana; satria ny zavatra taloha efa lasa." Tena mahafinaritra. Tanteraka ny fampanantenan'Andriamanitra rehetra. Dia ho vita izany. Ny fiovana dia ho vita. Ny Zanak'ondry sy ny Ampakarina miorim-ponenana mandrakizay ao amin'ny fahalavorarian'Andriamanitra. Farito izany? Iza no afaka hanao izany? Tsy misy. Eritrereto izany? Nofiso ny momba izany? Vakio izay Teny momba izany? Eny azontsika atao izany rehetra izany, kanefa bitika ihany no fantantsika momban'izany mandra-pahatongan'izany ho tena izy amin'ny fitsanganana amin'ny maty voalohany.

"Ary hosoratako eo aminy ny Anarako VAOVAO." Anarako Vaovao. Rehefa lasa vaovao ny zavatra REHETRA, dia hitondra Anarana vaovao Izy, ary izany Anarana vaovao izany ihany koa no anaran'ny ampakarina. Inona ary io Anarana io, tsy misy sahy milaza. Mety tsy maintsy nomena mazava tamin'ny fanambarana avy amin'ny Fanahy ka tsy hisy sahy handà izany. Saingy azo antoka fa Izy no hamela ny fanambaràna amin'ny andro tiany hamoahana izany. Ampy ny fahafantarana fa tsara kokoa noho izay azontsika eritreretina izany.

FANANARANA FARANY HO AN’NY VANIM-POTOANA

Apokalypsy 3:13, *"Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana."* Ny vanim-potoana rehetra dia mifarana amin'ny fampitandremana. Izany no fitarainana tsy tapaka henoin’ny fiangonana ny feon'ny Tompo. Amin'izao fiainana izao, ny fiangaviana dia mafy kokoa noho ny teo aloha, fa ao anatin'ity vanim-potoana ity ny fiavian'ny Tompo dia mby akaiky tokoa. Ny fanontaniana dia angamba mety hipetraka, "Raha misy vanim-potoana iray hafa any ankoatran’ity iray ity, nahoana no maika?" Ny valiny dia ao ihany. Ny vanim-potoana farany dia ho fohy -- haingana ny asa fanantanterahana. Ary tsy izany ihany, fa tsy maintsy tsarona foana fa eo imason'Andriamanitra dia tena mihelina ny fotoana; eny, ny arivo taona dia iray andro. Ary raha avy ao anatin'ny ora vitsy Izy araka izay fijerin’ny fotoana, dia azo antoka fa tsy maintsy mampitandrina antsika haingana Izy ary ny feony dia tsy maintsy heno mandrakariva ao am-pontsika mba ho vonona amin’izay ho avy.

Oh, maro be ireo feo eto an-tany -- dia maro ny olana sy ny zavatra mampitaraina mila famonjena; fa hisy tsy feo tena zava-dehibe, ary mendrika ny henoina toy ny feon'ny Fanahy. Noho izany, "Izay manan-tsofina ho enti-mihaino, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana."

www.believersnewsletter.org

info.bnl.ministries@gmail.com